NY TAOM-PIANGONANA LAODIKIA.
Apokalipsy 3:14-22,
Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia: Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina, Izay niandohan'izao zavatra noharin'Andriamanitra izao: Fantatro ny asanao, fa tsy mangatsiaka na mafana ianao; aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafana na mangatsiaka, dia aloan'ny Vavako;
fa hoy ianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo, jamba ary mitanjaka; dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hananao harena, sy fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso aosotrao ny masonao mba hahiratanao. Izay rehetra tiako no anariko sy faiziko; koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha. Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy ao Amiko. Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko koa sy ny hiarahako mipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianany. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana.

NY TANÀNAN'I LAODIKIA
Ny anarana hoe Laodikia, izay midika hoe, "zon'ny olona" dia tena mahazatra ka nomena tanàna maro ho fanomezam-boninahitra ny mpanjaka vavy nanana izany anarana izany. Ity tanàna ity dia iray amin'ireo tena manan-danja ara-politika sy namokatra ara-bola be indrindra tany Azia Minora. Be dia be ny fananana nomen'ireo olona fanta-daza tao ho an'ny tanàna. Izy dia toeran'ny sekoly ara-pitsaboana lehibe. Ny olona tao dia niavaka tamin'ny zava-kanto sy ny siansa. Izy no antsoina matetika hoe 'renivohitra', satria ao no misy ny faritry ny tanàna hafa dimy amby roapolo. Ny andriamanitra Zeosy no sampy nivavahana tao. Raha ny marina ity tanàna ity dia nantsoina hoe Diopolis (Tananan'i Zeosy) ho fanomezam-boninahitra ny andriamanitr'izy ireo. Tamin'ny taonjato fahefatra, nisy filankevitry ny fiangonana manan-danja natao tao. Ny fisian'ny horohoron-tany matetika no nahafoana izany tanteraka.

Ny toetra mampiavaka ity vanim-potoana farany ity dia mifandraika amin'ny vanim-potoana hivelomantsika ankehitriny. Ohatra izy ireo dia nivavaka tamin'Andriamanitra iray, Zeosy, izay lohany sy rain'ny andriamanitra rehetra. Izany dia milaza mialoha ny'Andriamanitra iray, Raintsika-rehetra' ny taonjato faharoa, izay foto-kevitra ara-pivavahana mametraka ny firahalahin'ny olona, koa ankehitriny aza dia mampitambatra ny Protestanta, Katolika, Jiosy, Hindoa, sns... miaraka amin'ny fikasana fa ny fomba fivavahana miaraka dia hampitombo ny fifankatiavantsika, fahiratan-tsaina, ary ny fifampitsinjovana. Ny Katolika sy ny Protestanta aza ankehitriny dia miezaka ary mahazo vahana ao amin'io firaisana io amin'ny fikasana fa ny hafa rehetra dia hanaraka. Io toe-tsaina io indrindra no hita tao amin'ny Firenena Mikambana tamin'ireo mpitondra teto amin'izao tontolo izao, izay tsy nety manaiky ny olona manana foto-kevitra ara-pomba fivavahana manokana, ka nanantitrantitra fa ailika izay rehetra manana foto-kevitra manokana amin'ny fanantenana fa ny fivavahana rehetra ho lasa iray,satria ny rehetra maniry tanjona mitovy, ny rehetra manana faniriana

mitovy ka marina daholo amin'ny ankapobeny.

Mariho fa ny anarana, Laodikia, “zon'ny vahoaka”, na “fahamarinan'ny olona.” Nisy ve vanim-potoana tahaka ny taom-piangonan'ny taonjato faharoa-polo izay nahita ny firenena REHETRA nitsangana mitaky fitoviana, ara-tsosialy sy ara-bola? Ity no vanim-potoanan'ny kaominista izay hilazàna fa ny olona rehetra dia mitovy, na dia amin'ny teoria ihany aza izany. Ity no vanim-potoanan'ny antoko politika, izay milaza ny tenany ho Kristiana Demokraty, sy Kristiana Sosialista, Kristiana Commonwealth, Federasiona, sns... Amin'ireo teolojianina liberaly i Jesosy dia sosialista, ary ny fiangonana tany am-boalohany eo ambany fitarihan'ny Fanahy nampihatra sosialisma, ary izany no tokony ataontsika amin'izao fotoana izao.

Rehefa nantsoin'ireo zokiolona hoe Laodikia ny renivohitra, dia miandry ny governemanta iray an'izao tontolo izao izay hatsangatsika ankehitriny. Rehefa mieritreritra izany tanàna izany isika, ilay toerana lehiben'ny filankevitry ny fiangonana, dia mahita aloky ny hetsika iraisam-pinoana mitranga amin'izao andro izao, izay tsy ho ela dia ho hitantsika rehetra ny antsoina hoe Kristiana ‘anarana' tonga miaraka. Eny tokoa, ny fiangonana sy ny fanjakana, ny fivavahana sy ny politika ho tonga miaraka. Ny tsimparifary fatorana. Ny vary tsy ho ela ho vonona ho ao an-tsompitra.

Izy dia tanànan'ny horohoron-tany, horohoron-tany izay tamin'ny farany namotika azy.Ity vanim-potoana ity dia hifarana amin'ny fanozongozonan'Andriamanitra izao tontolo izao izay efa lasa niray tamin'ilay mpivaro-tena taloha. Tsy ny rafitr'izao tontolo izao ihany no hirodana, fa ny tany dia ho ozongozonina, ary avy eo dia havaozina ho amin'ny fanjakana arivo taona hanjakan'i Kristy.

Ny tanàna dia nanan-karena, nomena ny mpanankarena. Feno kolontsaina. Ny Siansa niroborobo.Tahaka ny amin'izao andro izao.Ny fiangonana dia manan-karena. Ny fanompoam-pivavahana dia mahafinaritra sy ofisialy, fa mangatsiaka sy maty. Ny kolontsaina sy ny fanabeazana efa naka ny toeran'ny Fanahy omen'ny Teny, ary ny finoana nosolon'ny siansa, noho izany ny olona dia niharan'ny fitiavan-karena. Amin'ny endriny rehetra, Laodikia fahiny dia hita teraka indray ao amin'ny Vanim-potoana Laodikian'ny taonjato faharoa-polo. Eo amin'ny famindrampon'Andriamanitra, enga anie ireo izay manan-tsofina hihaino ka hivoaka hiala aminy mba tsy hiombona ota aminy,sy vokatry ny fitsarana azy.

NY VANIM-POTOAN'I LAODIKIA.

Ny Vanim-potoana Laodikia dia nanomboka tamin'ny fidiran'ny Taonjato Faharoa-polo, angamba 1906. Mandra-pahoviana no haharetany? Amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, izay efa nanana fahitana tsy tambo isaina, izay TSY MBOLA nisy iray izay tsy tanteraka, mamelà ahy haminavina (tsy hoe maminany, fa maminavina) fa hifarana manodidina ny taona 1977 io vanim-potoana io. Mamelà ahy ianareo ny amin'ny fanamarihana manokana eto, naoriko tamin'ny fahitàna mitohy lehibe fito lehibe io vinavina io, izay tonga tamiko indray Alahady maraina tamin'ny volana Jona 1933. Ny Tompo Jesosy niteny tamiko nanao hoe,ny fiavian'ny Tompo efa mby akaiky, fa alohan'ny hahatongavany dia zavatra fito lehibe no hiseho. Nosoratako daholo izy rehetra io maraina io, ary nomeko ny fanambarana avy amin'ny Tompo io maraina io. Ny fahitana voalohany dia Mussolini no hanafika an'i Etiopia ary io firenena io dia ho "lavo" amin'ny fidirany. Izany fahitàna izany dia azo antoka fa nisy fiantraikany, ary ny sasany dia tena tezitra tamiko nilaza fa tsy mino izany. Fa izany dia nitranga araka ny voalaza. Niditra tao izy niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana maoderina ka naka ny fahefana. Ny tompon-tany tsy nanana safidy. Fa ny fahitàna ihany koa nilaza fa Mussolini ho tonga amin'ny fahafatesana mahatsiravina amin'ny farany, ary ny vahoakany hivadika aminy. Izany dia nitranga mitovy tanteraka amin'izay voalaza.

Ny fahitàna manaraka nilaza mialoha fa lehilahy Aotrisiana iray mitondra ny anarana hoe

Adolph Hitler dia hitsangana toy ny mpanao didy jadona manerana an'i Alemana, ary hahatonga izao tontolo izao hiady. Io dia nampiseho ny tsipika Siegfried sy ny fahasarotan'ny miaramilantsika ny fomba handresena azy io. Avy eo dia nampiseho fa Hitler amin'ny farany dia ho faty amin'ny fomba misitery.

Ny fahitana fahatelo teo amin'ny tontolo ara-politikan'izao tontolo izao, fa nasehony ahy fa hisy ISMS lehibe telo, Facism, Nazisma, Kominisma, fa ireo roa voalohany dia ho atelin'ilay fahatelo. Nananatra ilay feo: "JEREO ROSIA, JEREO ROSIA. Araho maso ny Mpanjaka avy any Avaratra."

Ny fahitana fahefatra nampiseho ny fandrosoana lehibe amin'ny siansa izay ho tonga hanaraka ny Ady Lehibe faharoa. Dia lasa tany amin'ny fahitàna fiara iray nanana tafo plastika mibontsina mizotra midina amin'ny lalambe tsara, baikona avy lavitra ka ny olona mipetraka ao anatiny toa tsy mahita ny familiana fa milalao sy manao izay mahafinaritra ny tenany.

Ny fahitana fahadimy dia mifandray amin'ny olana ara-pitondran-tena amin'ny vanim-potoana misy antsika,manodidina indrindra ny vehivavy. Andriamanitra dia nampiseho tamiko fa ny vehivavy dia tsy ho eo amin'ny toerany, amin'ny famelana azy ireo hifidy. Dia notapahiny ny volony, izay midika fa izy ireo dia tsy eo ambanin'ny fahefan'ny lehilahy intsony, fa nisisika ny amin'ny fitovian-jo, ary amin'ny lafiny maro dia mihoatra noho ny zo mitovy. Nanaovany ny fitafian'ny lehilahy ary lasa toa tsy miakanjo, ka ny sary farany hitako dia vehivavy mitanjaka, tsy manao afa-tsy ravina aviavy kely karazana saro-kenatra. Tamin'io fahitana io no nahitako ny faharatsiana sy ny fitondran-tena mahatsiravina manjo izao tontolo izao.

Ary tamin'ny fahitana faha-enina, tao Amerika nisy vehivavy tena tsara tarehy indrindra fa lozabe. Nohazoniny teo ambanin'ny fifehezany tanteraka ny olona. Mino aho fa izany dia ny fiakaran'ny Eglizy Katolika Romana, na dia nahafantatra aza aho fa angamba mety fahitàna ny fiakaran'ny vehivavy amin-kery lehibe ao Amerika noho ny fandatsaham-bato amin'ny ankapobeny ataon'ny vehivavy.

Ny fahitàna fahafito farany dia nandre fipoahana mahatsiravina aho. Rehefa nitodika hijery aho dia tsy nahita na inona na inona afa-tsy potipoti-javatra, lavaka volkano, sy setroka manerana ny tany ao Amerika.

Miankina avy amin'io fahitàna fahafito io, miaraka amin'ny fiovàna haingana izay efa nanenika izao tontolo izao tao anatin'ny dimam-polo taona, dia MAMINAVINA AHO (Tsy maminany aho) fa ireo fahitàna ireo dia ho tanteraka avokoa amin'ny taona 1977. Ary na dia maro aza no mihevitra fa fanambarana tsy ampiheverana izany satria Jesosy nilaza fa 'tsy misy olona mahafantatra ny andro na ny ora.' Mbola mitàna io vinavina io aho rehefa afaka telo-polo taona, satria i Jesosy dia TSY niteny hoe tsy misy olona afaka hahalala ny taona, volana na herinandro izay ao anatin'izany no ahatanterahan'ny Fiaviany. Koa averiko indray, mino amim-pahatsorana aho, ary hazoniko amin'ny maha mpianatra ny Teny ahy, miaraka amin'ny fitaomam-panahy avy amin'Andriamanitra fa ny 1977 no tokony tsy maintsy hifaranan'ny rafitra eto amin'izao tontolo izao ary hampiditra ny fanjakana arivo taona.

Ankehitriny mamelà ahy hilaza. Misy afaka manaporofo ve fa misy diso ireo fahitàna ireo? Tsy tanteraka avokoa ve izy ireo? Eny, samy efa tanteraka daholo ireo, na eo andala-pahatanterahana amin'izao fotoana izao. Mussolini nanafika an'i Etiopia soa aman-tsara, dia nianjera ka very izany rehetra izany. Hitler nanomboka ady tsy afaka notohizany ka maty tamin'ny fomba misitery izy. Ny Kôminisma nifehy ny ISMA roa hafa.Ilay fiara misy tafo plastika toa mibontsina (tahaka ny atody)

noforonina, ary dia miandry lalana tsaratsara kokoa. Ny vehivavy rehetra toa mitanjaka daholo, ka na dia ankehitriny aza dia manao akanjo fitondra misaika tsy misy amboniny. Ary vao afak'omaly aho nahita tamin'ny gazety ilay akanjo izay tena hitako tamin'ny fahitàna (raha toa ka afaka atao hoe akanjo). Izany dia karazana lamba plastika mangarahara izay misy tasy telo maimaizina nandrakotra ny nono roa, izay faritra kely, ary avy eo nisy faritra maizina toy ny tablie kely teo ambany. Ny Fiangonana Katolika dia eo amin'ny fiakarany. Isika dia nanana filoham-pirenena Katolika iray ary tsy isalasalàna fa hanana iray hafa. Inona sisa tavela?

Tsy misy afa-tsy ny Hebreo 12:26. *"Ny Feony nampihorohoro ny tany fahiny; fa ankehitriny Izy efa Nampanantena, nanao hoe: Kanefa amin'ity dia tsy ny tany ihany ihany no ho ozongozoniko, fa ny lanitra koa."* Mbola ho ozongozonin'Andriamanitra ny tany miaraka amin'izany ny fanozongozonana ny zava-drehetra azo hozongozonina. Avy eo Izy dia hanavao izany. Vao tamin'ny Martsa, 1964, horohorontany ny Zoma tsara (vendredi joli) tao Alaska dia nanozongozona izao tontolo izao na dia tsy nampitongilana azy aza izany. Fa Andriamanitra dia nampitandrina tamin'ny fangovitan'izao tontolo izao, izay tsy ho ela dia Hataony amin'ny ambaratonga lehibe kokoa. Izy no hanapoaka sy hanaparitaka ity izao tontolo izao voaozon'ny ota ity, ry rahalahiko, ry anabaviko, tsy misy afa-tsy toerana iray no afaka hijoro amin'izany fifandonana izany, ary izany dia ny valan'ny Tompo Jesôsy. Ary dia mananatra anareo aho dieny mbola misy ho anareo ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hanomezanareo ny fiainanareo manontolo, ho an'i Jesôsy Kristy irery ihany, Izay toy ny Mpiandry Ondry mahatoky hamonjy anareo sy hikarakara anareo ary hanolotra anareo tsy hanan-tsiny amin'ny voninahitra miaraka amin'ny fifaliana lehibe.

NY IRAKA.
Misalasala be aho raha nisy vanim-potoana tena nahalala ny iraka nalefan'Andriamanitra tao aminy, raha tsy tamin'ny vanim-potoana voalohany izay Paoly no iraka. Ary na dia tamin'izany vanim-potoana izany aza dia maro no tsy nahafantatra azy ny amin'ny maha izy azy.

Ary ny vanim-potoana izay iainantsika dia tena ho fohy dia fohy. Hisy trangan-javatra hiseho haingana dia haingana. Noho izany ilay iraka ho an'ity Vanim-potoana Laodikia ity tsy maintsy efa eto izao, na dia mbola tsy mahafantatra azy aza isika. Fa azo antoka fa tsy maintsy ho avy ny FOTOANA HAHAFANTARANA AZY. Ankehitriny dia afaka manaporofo izany aho satria isika manana ny Soratra Masina mamaritra ny fanompoany.

Voalohany indrindra, izany mpitondra hafatra izany dia ho mpaminany. Izy dia hanana ny anjara fanompoan'ny mpaminany. Izy dia hanao asa fanompoana amin'ny faminaniana. Izany dia hifototra mafy amin'ny Teny izany, satria rehefa maminany izy na mahita fahitàna, mandrakariva dia "Mirona amin'nyTeny" ary izany MANDRAKARIVA dia hitranga. Dia ho voamarina ho mpaminany izy nohon'ny TSY FAHADISOANY. Ny porofo fa izy dia mpaminany dia hita ao amin'ny Apokalypsy 10:7 *"Fa amin'ny feon' ilay anjely fahafito, rehefa hanomboka hitsoka izy, ny zava-miafina an'Andriamanitra dia tokony ho vita araka izay Nambarany tamin'ireo Mpanompony, dia ireo Mpaminany."*
Ary io olona io, izay ao amin'ity andininy ity dia antsoina hoe “anjely”ao amin'ny King James Version dia TSY avy any an-danitra. Ilay anjelin'ny trompetra fahenina, izay avy any an-danitra, dia ao amin'ny Apokalypsy 9:13, ary ny laharana fahafito dia ao amin'ny Apokalypsy 11:15. Ity iray ao amin'ny Apokalypsy 10:7 no iraky ny vanim-potoana fahafito ary izy dia lehilahy, ary Izy no hitondra ny hafatra avy amin'Andriamanitra, ary ny hafatra entiny sy ny asa fanompoany no hamita ny zava-miafina izay an'Andriamanitra araka ny nambarany tamin'ireo Mpanompony, dia ireo Mpaminany. Andriamanitra dia hanao io iraka farany io ho mpaminany SATRIA IZY MPAMINANY. Izany ny momba an'i Paoly teo amin'ny vanim-potoana voalohany, ary vanim-potoana farany dia manana iray

koa. Amosa 3:6-7, *“Hisy anjomara va ho tsofina ao an-tanàna, ka tsy hatahotra ny vahoaka? hisy loza va ao an-tanàna, ka tsy ny tompo no nanao izany? Azo antoka fa ny Tompo Andriamanitra dia tsy hanao na inona na inona, fa Izy milaza ny Zava-miafiny tamin'ireo mpanompony, dia ireo mpaminany.”*

Amin'ny fotoanan'ny andro farany no nivoahan' ny kotrokorana fiton'i Jesôsy. Apokalypsy 10:3-4 hoe: *"Ary niantso tamin'ny feo mahery izy, tahaka ny fieron'ny liona; ary nony niantso izy, dia namoaka ny feony ny kotrokorana fito. Ary raha namoaka ny feony ny kotrokorana fito, dia efa saika hanoratra aho; ka nahare feo tany an-danitra aho nanao hoe: Asio tombokase ireo zavatra izay voalazan'ny kotrokorana fito, fa aza soratana."* Izay tao anatin'ireo kotrokorana ireo dia tsy misy mahalala. Fa isika mila mahafantatra. Ary ilaina ny mpaminany mba hahazoana ny fanambaràna satria tsy misy fomba hafa hamoahan'Andriamanitra ny Fanambaràny araka ny Soratra Masina raha tsy amin'ny alàlan'ny mpaminany. Ny Teny mandrakariva dia tonga avy amin'ny alàlan'ny mpaminany ary ho toy izany foana. Fa izany lalàna avy amin'Andriamanitra izany dia miharihary na dia mizaha Soratra Masina fontsiny aza. Ilay Andriamanitra tsy miova amin'ny fomba tsy miova dia naniraka ny Mpaminaniny tamin'ny vanim-potoana rehetra izay ny olona efa niala tamin'ny baiko avy any Ambony. Ireo teolojianina sy ny olona rehefa niala tamin'ny Teny, Andriamanitra dia naniraka foana ny Mpanompony ho an'ireo olona ireo (fa tsy ny teôlôjiana) mba hanitsiana fampianaran-diso ka hitarika ny olona hiverina amin'Andriamanitra.

Ka dia hitantsika ny fahatongavan'ny mpitondra hafatry ny vanim-potoana fahafito, ary izy dia mpaminany. Tsy hoe ny fahatongavan' io iraka io ihany no hitantsika eto ao amin'nyApokalipsy 10:7, fa ho hitantsika koa ny Teny miresaka momba ny Elia tonga alohan'ny hiverenan' i Jesôsy. Ao amin'ny Matio 17:10, *"Ary ny mpianany nanontany Azy ka nanao hoe, nahoana ary no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Elia tsy maintsy ho avy aloha? " Ary Jesôsy nanao hoe, "Elia dia tena marina fa ho avy aloha, ka hampody ny zavatra rehetra."* Mialohan'ny fiavian'ny Tompontsika Elia tsy maintsy hiverina hanao ny asa famerenana amin'ny laoniny ao amin'ny fiangonana. Izao no voasoratra ao amin'ny Malakia 4:5: (Baiboly Malagasy, Malakia 3:23)
"Indro Izaho haniraka ho anareo Elia ilay mpaminany dieny tsy mbola tonga ilay andron'ny Tompo lehibe sy mahatahotra; ary izy hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin' ny razany, fandrao ho avy aho hamely ny tany amin'ny ozona."

Tena azo antoka fa Elia tsy maintsy hiverina dieny tsy mbola tonga Jesôsy. Manana asa miavaka ho tanterahina izy. Izany asa izany ny ampahany amin'ny Malakia 4:6 manao hoe "hampody ny fon'ny zanaka ho amin'ireo razany (ireo rainy) izy". Ny antony hahafantarantsika fa izany no asa manokana ho ataony amin'izany andro izany dia satria efa tanteraka ny anjara milaza hoe "Izy no hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka," ny asa fanompoana Elia dia tety tao amin'i Jaona Mpanao-batisa.

Lioka 1:17, *"Ary izy handeha eo Alohany amin'ny Fanahy sy ny herin'i Elia mba hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin'ny fahendren'ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an'ny Tompo."*

Teo amin'ny asa fanompoan'i Jaona, ny "fon'ny ray dia niverina ho amin'ny zanaka". Fantatsika izany satria Jesôsy no nilaza izany. Fa tsy milaza izany fa ny fon'ny zanaka dia niverina ho amin'ny ray. Fa izany dia mbola hitranga. Ny fon'ny zanaka amin'ny andro farany dia hitodika any amin'ireo ray Pantekostaly. Jaona nahatonga ireo ray ho vonona ho an'i Jesôsy mba hitsena ny zanaka indray ao amin'ny valan'andriamanitra. Ankehitriny izany mpaminany izany izay eo aminy ny Fanahin'i Elia no hilatsaka no hanomana ny zanaka mba hitsena an'i Jesôsy indray.

Nantsoin'i Jesôsy ho Elia Jaona Mpanao Batisa. Matio 17:12, *"Fa Izaho kosa milaza aminareo fa efa tonga sahady Elia, ary izy ireo tsy nahafantatra azy, fa nataony taminy izay tiany."* Ny antony niantsony an'i Jaona hoe Elia, dia satria ilay Fanahy iray ihany izay tao amin'i Elia no niverina tao amin'i Jaona, eny fa izany Fanahy izany dia niverina teo amin'i Elisa taorian'ny nanjakan'i Ahaba Mpanjaka. Ary mbola averina indray ankehitriny fa izany Fanahy izany no ho eo amin'ny lehilahy hafa iray alohan'ny hahatongavan'i Jesôsy. Ho mpaminany izy. Ho voamarina ho izany izy avy amin'Andriamanitra. Koa satria i Jesôsy Tenany, ao amin'ny nofo tsy ety hanamarina azy, (tahaka ny Nataony tamin'i Jaona) dia amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina no ahavita izany ka ny asa fanompoan'ity mpaminany ity dia arahina hery lehibe sy hetsika mahagaga. Amin'ny maha-mpaminany, ny fanambaràna rehetra dia ho voamarina satria ny fanambaràna rehetra dia hitranga. Hiseho ny asa mahagaga amin'ny hery, amin'ny baikony amin'ny finoana. Ary hivoaka ny hafatra nomen'Andriamanitra azy ao amin'ny Teny mba hiverenan'ny olona indray amin'ny fahamarinana sy ny tena herin'Andriamanitra. Ny sasany dia hihaino, fa ny maro an'isa hihazakazaka ho amin'ny fombafomba ka handà azy.

Koa satria io mpaminany mpitondra hafatra ny Apokalypsy 10:7 io dia ho tahaka ny ao amin'ny Malakia 4:5-6, izy dia tahaka an'i Elia sy Jaona. Izy roa dia samy lehilahy nailiky ny sekoly ara-pivavahana nekena tamin'ny fotoan'androny. Izy roa dia samy lehilahy avy any an-efitra. Izy roa samy tsy nanao nanao na inona na inona raha tsy nanana ny hoe "IZAO NO LAZAIN'NY TOMPO", mahitsy avy amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fanambaràna. Samy nanome tsiny ny baikon'ny mpitondra fivavahana sy ny mpitarika tamin'ny androny. Nefa tsy izany ihany, nanohitra ireo rehetra izay nanao kolikoly na hanimba ny hafa. Ary tsarovy, izy roa samy naminany momba ny FANOHERANA NY VEHIVAVY RATSY FITONDRAN-TENA sy ny fanaony. Elia niantso mafy nanohitra an'i Jezebela, ary Jaona nanakiana an'i Herodiasy, vadin'i Filipo.

Na dia tsy ho malaza aza izy, dia ho voamarin 'Andriamanitra.Tahaka an'i Jesôsy nanamarina an'i Jaona, ary ny Fanahy Masina nanamarina an'i Jesôsy, dia afaka manantena tsara isika fa ity lehilahy ity, dia voalohany indrindra dia ho hamarinina amin'ny alàlan'ny Fanahy miasa eo amin'ny fiainany amin'ny asa AMIN-KERY IZAY TSY HIADIAN-KEVITRA ARY TSY HITA AMIN'NY TOERAN-KAFA; ary Jesôsy Tenany mihitsy rehefa miverina, no hanamarina azy, tahaka ny Nanaporofoiny an'i Jaona. Jaona nanaporofo fa tamy Jesôsy, - - ary toy izany koa ity lehilahy ity, tahaka an'i Jaona, dia ho vavolombelona fa ho avy i Jesôsy. Ary ny fiverenan'i Kristy no hanaporofo fa ity lehilahy ity tokoa no MPIALOHA LALANA ny Fiaviany Fanindroany. Izany no porofo farany fa io tokoa ilay mpaminanin'ny Malakia 4, satria ny faran'ny vanim-potoanan' ny Jentilisa dia Jesôsy, Izy Tenany, miseho. Ary izany dia ho TARA LOATRA HO AN'IREO IZAY EFA NANDÀ AZY.

Mba hanazavàna bebe kokoa ny fanolorantsika ity mpaminan'ny andro farany ity, dia aoka isika hanamarika manokana fa ny mpaminany ao amin'ny Matio 11:12, dia i Jaona Mpanao Batisa, izay ilay iray nambara mialoha ao amin'ny Malakia 3:1, *"Indro, Izaho haniraka ny Irako, ary izy hanamboatra làlana eo Alohako, ary ny Tompo izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ho eo an-Tempoliny; eny fa ny Anjelin 'ny fanekena izay irinareo aza, indro, tamy Izy, hoy Jehovah Tompon'ny Maro."*

Matio 11:1-12: *"Ary rehefa vitan'i Jesôsy ny nandidiany ny mpianany roa ambin'ny folo lahy, dia niala teo Izy hampianatra sy hitoriteny any an-tanànan'ny olona. Ary rehefa ren'i Jaona tao an-tranomaizina ny asa nataon'i Kristy, dia naniraka ny mpianany izy hanao aminy hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika? Ary Jesôsy namaly ka nanao taminy hoe: Mandehana ianareo, ka ambarao amin'i Jaona izao renareo sy hitanareo izao: Mahiratra ny*

jamba, ary afaka ny mandringa; diovina ny boka, ary malady ny marenina; atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara." Vita. Mariho anefa izao ao amin'ny Malakia 4:1-6, *"Fa indro, avy ny andro, izay handoro toy ny fatana, ary ny mpiavonavona rehetra, eny, sy izay rehetra manao ratsy, dia ho vodivary, ary ny andro izay ho avy no handoro azy ireo, hoy Jehovah Tompon'ny maro, ka tsy hasiany miangana, na ny fakany na ny sampany. Fa ianareo izay matahotra ny Anarako, dia ny Masoandron'ny Fahamarinana hitsangana miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny Elany, ka hivoaka ianareo, ary hitombo toy ny ombilahy kely ao amin'ny fihinanam-bilona. Dia hanitsakitsaka ny ratsy fanahy ianareo, fa ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo izy ireo amin'ny andro izay hanaovako izany, hoy Jehovah Tompon'ny maro. Tsarovinareo ny lalàn'i Mosesy Mpanompoko, izay nandidiako azy tao Horeba ho an'ny Isiraely rehetra, mbamin'ny didy sy fitsipika. Indro, Izaho haniraka ho anareo Elia mpaminany dieny tsy mbola tonga ny andron'ny Tompo lehibe sady mahatahotra; ary izy hampody ny fon' ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin' ny ray, fandrao ho avy aho hamely ny tany amin 'ny ozona."*

Jereo avy hatrany AORIAN'NY HAHATONGAVAN' IO ELIA IO, ny tany dia ho voadio amin'ny afo ary ny ratsy fanahy may ho lavenona. Mazava ho azy, izany dia TSY nitranga tamin'ny andron'i Jaona (ilay Elia tamin'ny androny.) Ny Fanahin'Andriamanitra izay naminany ny fahatongavan'ny iraka ao amin'ny Malakia 3:1 (Jaona) dia tsy inona fa namerina ny Fanambaràny ara-paminaniana teo aloha araka ny Isaia 40:3 izay fara-fahakeliny taonjato telo lasa. *"Ny feon'ilay miantso any an-efitra: Amboary ny lalan'i Jehovah, manaova lalam-be mahitsy any an'efitra ho an'Andriamanitsika."* Ary ankehitriny Jaona, tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, nolazain'i Isaia sy Malakia ao amin'ny Matio 3:3, *"Fa izy no ilay nampilazaina ny mpaminany Isaia hoe: Feon'ilay miantso mafy any an'efitra, Omaninareo ny lalan'ny Jehovah, ataovy mahitsy ny Alehany."* Noho izany dia afaka mahita tsara isika avy amin'ireo Soratra Masina ireo fa ny mpaminany ao amin'ny Malakia 3, izay i Jaona, dia TSY ny mpaminany ao amin'ny Malakia 4, eny fa na dia Jaona sy ity mpaminanin'ny andro farany ity aza dia samy manana Fanahy mitovy Izay tao amin'i Elia.

Ary io mpitondra hafatry ny Malakia 4 sy Apokalypsy 10:7 io dia hanao zavatra roa. VOALOHANY: Araka ny Malakia 4 dia hampody ny fon'ny zanaka ho amin' ny ray izy. FAHAROA: Izy no hanambàra ny zava-miafina ny amin'ny kotrok'orana fito ao amin'ny Apokalypsy 10 izay fanambaràna voarakitra ao amin'ny tombo-kase fito. Ireo fanambaràna Masina ireo 'Misitery-fahamarinana' izay ara-bakiteny dia hampody ny fon'ny zanaka ho amin' ny ray Pentekôstaly. Izay ilay izy.

Diniho ihany koa anefa izao. Io mpaminany-mpitondra hafatra io dia hanana toetra sy fomba tahaka an'i Elia sy Jaona. Ny vahoaka amin'ny andron'io mpaminany mpitondra hafatra io dia ho tahaka ny tamin'ny andron'i Ahaba, sy Jaona. Ary satria "NY ZANAKA IHANY" izay ny fon'izy ireo no hampodiana, izany dia NY ZANAKA IHANY NO HIHAINO. Tamin'ny andron'i Ahaba 7.000 ihany no tena voa Israelita hita. Tamin'ny andron'i Jaona nisy olona vitsy kely ihany koa. Ny sarambabem-bahoaka tao amin'ireo vanim-potoana roa ireo dia tao amin'ny fijangajangana sy ny fanompoan-tsampy.

Te-hanao fampitahana iray fanampiny aho eo amin'ny mpaminany-mpitondra hafatry ny Laodikia sy Jaona, ilay mpaminany-mpitondra hafatra nialoha ny fahatovan'i Jesôsy voalohany. Ny olona tamin'ny andron'i Jaona dia diso fandray ka nanao azy ho ny Mesia. Jaona 1:19-20, *"Ary izao no nambaran'i Jaona, raha ny Jiosy naniraka mpisorona sy Levita avy tany Jerosalema hankany aminy mba hanontany azy hoe: Iza moa ianao? Ary nilaza marina izy ka tsy nandà, fa hoy ny filàzany: Tsy izaho no Kristy."* Ankehitriny, io mpaminany mpitondra hafatra ny andro farany io dia

hanana hery eo anatrehan'ny Tompo hany ka hisy ireo izay ho diso fandray azy ho ny Tompo Jesôsy. (Hisy n fanahy eto an-tany amin'ny fotoana farany izay hamitaka ny sasany ka hahatonga azy ireo hino izany.

Matio 24:23-26,
"Fa hisy Kristy sandoka hitsangana, sy mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy zava-mahagaga; hany ka, raha azo natao, dia hamitaka ny tena olom-boafidy. Indro, voalazako aminareo rahateo izany. Koa raha manao aminareo hoe: Indro, Izy any an'efitra izy; aza mankany ianareo; indro, ao amin'ny efi-trano miafina izy; aza mino izany ianareo."

Aza mino izany ianareo. Tsy i Jesôsy Kristy izy. Tsy ny Zanak'Andriamanitra izy. IZY DIA IRAY AMIN'IREO RAHALAHY, MPAMINANY, IRAKA, MPANOMPON'ANDRIAMANITRA. Tsy mila voninahitra lehibe kokoa omena azy izy noho izay noraisin'i Jaona tamin'izy niantso ilay feo hoe: "tsy izaho no Izy, FA IZAY AVY AO AORIAKO."

Alohan'ny hanakatonantsika ity fizarana momban'ny mpitondra hafatry ny Vanim-potoan'i Laodikia ity, dia tsy maintsy mihevitra tsara ireto hevitra roa ireto isika. Voalohany, io Vanim-potoana io dia manana Mpaminany Mpitondra hafatra IRAY. Ny Apokalipsy 10:7 milaza "Rehefa hanomboka hitsoka izy [tokana= singulier]." TSY MBOLA NISY vanim-potoana nanomezan'Andriamanitra ny vahoakany mpaminany lehibe roa amin'ny fotoana iray. Nomeny Enoka (irery); Nomeny Noa (irery); Nomeny Mosesy (Izy irery ihany no nanana ny Teny na naminany aza ny hafa); Jaona Mpanao-batisa tonga IRERY. Ary noho izany amin'izao andro farany izao dia tsy maintsy misy MPAMINANY [TSY MPAMINANIVAVY -- na amin'ny izao vanim-potoana izao aza dia maro ny vehivavy mihevitra hanome ny fanambaràn'Andriamanitra nohon'ny lehilahy], ary ny Teny tsy misy kilema milaza fa izy (ilay mpaminany) no hanambara ny zava-miafina ho an'ny vahoakan'ny andro farany, ka hampody ny fon'ny zanaka ho amin'ireo ray. Misy ireo izay milaza fa ny olon'Andriamanitra dia hikambana amin'ny alalan'ny fanambaràna (révélation) iombonana. Toheriko izany filazàna izany. Izy io dia mihanjaka, eritreritra tsy manan-kery eo anatrehan'ny Apokalypsy 10:7. Ankehitriny dia tsy mandà aho fa ny olona dia haminany amin'ity vanim-potoana farany ity ary ny asa fanompoan'izy ireo dia afaka ny ho marina. Tsy mandà aho fa hisy mpaminany eny fa na dia tamin'ny andron'i Paoly aza dia nisy iray "Agabo mpaminany iray izay naminany ny mosary". Manaiky aho fa ho izany. FA MANDÀ AHO EO ANETRAHAN'NY POROFON'NY TENY TSY MISY KILEMA FA MISY MPAMINANY LEHIBE MPITONDRA HAFATRA MIHOATRA NY IRAY HANAMBARA NY ZAVA-MIAFINA VOARAKITRA AO AMIN'NY TENY, SY MANANA NY ASA FANOMPOANA HAMPODY NY FON'NY ZANAKA HO AMIN'IREO RAY. "Izay no lazain'ny Tompo" mijoro amin'ny alàlan'ny Teniny tsy mety diso, ary mbola hitsangana sy ho voamarina. Misy mpaminany mpitondra hafatra iray ho an'izao vanim-potoana izao.

Raha jerena fontsiny amin'ny fitondran-tena maha olombelona, na iza na iza dia mahalala fa amin'izay toerana be olona dia misy fizarazaran-kevitra na dia amin'ny resaka kely indrindra aza momba ny foto-pampianarana lehibe izay hazonin'izy rehetra miaraka. Iza ary izany no hanana ny herin'ny tsy fetezana ho diso izay TSY MAINTSY AVERINA amin'ny laoniny amin'izao vanim-potoana farany izao, fa izao vanim-potoana farany izao no hiverina haneho ny Teny Madio Ampakarina? Midika izany fa isika dia hanana ny Teny indray araka ny nanomezana azy tamin'ny fomba tonga lafatra, ary lavorary ny fahazoana azy tamin'ny andron'i Paoly. Dia hilaza aminareo aho iza no hanana izany. Io dia MPAMINANY IRAY izay efa voamarina, eny mbola nohamarinina kokoa nohon'ny mpaminany tao amin'ny sokajin-taona rehetra nanomboka tamin'i Enoka mandraka androany, satria ity lehilahy ity dia tsy maintsy manana ny vato fehizoron'ny faminaniana ny asa fanompoana, ary Andriamanitra no hamoaka azy hiseho. Tsy hilaza ny amin'ny tenany izy,

Andriamanitra no hilaza ho azy amin' ny alàlan'ny FEON' NY FAMANTARANA. Amena.

Ny eritreritra faharoa izay tsy maintsy tonga ao am-pontsika dia ny taom-piangonana fito nanomboka tamin'ny Fanahy antikristy tahaka ny Fanahy Masina Izay voatahy mandrakizay. 1Jaona 4:1,
"Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa zahao toetra ny fanahy raha avy amin'Andriamanitra ireny, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao."

Voamarikareo ve izany? Ny antikristy dia fantatra amin'ny mpaminany sandoka. Ny vanim-potoana dia niditra tamin'ny mpaminany sandoka ary hivoaka amin'ny mpaminany sandoka. Ary mazava ho azy fa hisy TENA MPAMINANY SANDOKA ao amin'ny heviny lehibe ho an' ilay lehilahy voalaza ao amin'ny Apokalypsy. Fa ankehitriny alohan'ny hivoahany dia maro ny mpaminany sandoka hiseho. Matio 24:23-26,
"Ary raha misy olona manao aminareo hoe: Indro, etỳ Kristy, na any, aza mino izany. Fa hisy Kristy sandoka hitsangana, ary mpaminany sandoka, ka haneho famantarana lehibe sy fahagagàna, hany ka, raha azo natao, dia hamitaka ny tena olom-boafidy izy ireo. Indro, voalazako taminareo rahateo izany. Koa raha manao aminareo izy ireo hoe: Indro, any an-efitra Izy; aza mankany; Indro, ao amin'ireo efi-trano miafina izy; aza mino izany."

Ireo mpaminany sandoka ireo efa nampahafantarina antsika ao amin'ny Soratra Masina hafa isan-karazany toy ireto manaraka ireto. II Petera 2:1-2,
"Fa nisy mpaminany sandoka koa teo anivon'ny olona, tahaka ny hisian'ny mpampianatra sandoka eo aminareo ihany koa, izay hitondra ny fivadiam-pinona maha-very, eny handà ny Tompo izay Nividy azy ireo ary haingana dia haingana ny fahatongavan' ny fahaverezana eo amin'izy ireo. Ary maro no hanaraka ny lalan'ny fijejojejoany; ary avy amin'izany ny làlan'ny fahamarinana dia ho haratsiana."

II Timoty 4:3-4,
"Fa ho avy ny andro izay tsy hahatatesan'izy ireo ny fampianarana tsy misy kilema, fa araka ny filàn'izy ireo no hamoriany mpampianatra ho an'ny tenany, izay mangidihidy ny sofiny; Ary hampiala ny sofiny hiala amin'ny fahamarinana izy ireo, ka ho lasa any amin'ny anganongano."

I Timoty 4:1,
"Fa ny Fanahy milaza fa amin'ny andro farany ny sasany dia hiala amin'ny finoana, hiaino fanahy mamitaka sy ny fampianaran'ny devoly."

Ary amin'izany rehetra izany dia ho tsikaritrareo fa ny mpaminany sandoka dia ivelan'ny Tenin'Andriamanitra. Tahaka izay naseho anareo fa ny 'antikristy' dia midika hoe 'MANOHITRA-TENY' noho izany ireo mpaminany sandoka ireo tonga nampiodina ny Teny, manome dikany izay mifanaraka amin'ny faharatsian'ny fiafarany. Voamarikao ve ny fomba hitarihiny olona amin'ny lalan-diso, mamatotra azy ireo hanakaiky azy ireo aminy AMIN-TAHOTRA? Milaza izy ireo fa raha TSY MANAO IZAY LAZAIN'IZY IREO ny olona, na raha miala izy ireo, dia ny fahaverezabna no manaraka. Mpaminany sandoka izy ireo, fa ny tena mpaminany marina dia hitarika ny olona mandrakariva mankao amin'ny Teny, ary hamatotra ny olona ao amin'i Jesôsy Kristy ka tsy hamela ny olona mba hatahotra azy, na izay lazainy, fa HATAHOTRA IZAY LAZAIN'NY TENY. Mariho fa tahaka an'i Jodasy ireo olona ireo izay vola ny antony ivoahany. Asain'izy ireo amidy izay ananareo ary omena azy ireo sy ny teti-dratsiny. MANDANY FOTOANA BEBE KOKOA AMIN'NY FANATITRA noho ny Teny izy ireo. Ireo izay miezaka mikasa hampiasa ny fanomezam-pahasoavana izay efa misy fahadisoana ao anatiny kanefa mitaky vola, dia manao an-tsirambina ny Teny sy manao izany

ho avy amin'Andriamanitra. Ary ny olona rehetra ho any amin'izy ireo, ary maharitra azy ireo, manohana azy ireo, ary mino azy ireo, tsy mahalala fa LÀLAN'NY FAHAFATESANA izany.

Eny, ny tany dia feno mpamitaka ara-nofo. Amin'izany andro farany izany dia hiezaka ny HAKA TAHAKA AN'IO MPAMINANY-MPITONDRA HAFATRA IO izy ireo. Ny zanak'i Skeva fito lahy dia niezaka naka tahaka an'i Paoly. Simona mpanao ody [Simon Le Magicien] niezaka ny haka tahaka an'i Petera. Ny fakan'izy ireo tahaka dia ho araka ny nofo. Tsy ho afaka ny hamokatra izay tena avoakan'ny mpaminany marina izy ireo. Tamin'izy nilaza izy fa ny fifohazam-panahy dia tapitra, dia nandeha nanodidina nilaza fanambaràna lehibe fa izay nananan'ny olona dia tena marina ary Andriamanitra dia hanao lehibe kokoa ary zava-mahagaga kokoa eo amin'ny olona. Ary ny olona HO TAFALATSAKA amin'izany. Ireo mpaminany sandoka ireo ihany no hilaza fa ny mpitondra hafatry ny andro farany dia tsy teôlôjiana, ka tsy tokony ho henoina izy. Tsy afaka ny hamokatra izay ataon'ny iraka izy ireo; dia tsy ho voamarin'Andriamanitra tahaka ny mpaminany amin'ny andro farany izy ireo, fa amin'ny tenin' izy ireo feno fieboeboana sy ny lanjan'ny LAZANY MANERAN-TANY dia hampitandrina ny olona izy ireo tsy hihaino izany olona izany (Ny Iraka) ka hilazàny fa mampianatra diso izy. Izy ireo dia mitovy tanteraka amin'ireo rainy, ny Fariseo, izay avy amin'ny devoly, satria izy ireo nilaza fa Jaona sy i Jesôsy dia nampianatra fahadisoana.

Ary nahoana ireo mpaminany sandoka ireo no tonga hanohitra ny tena mpaminany, ary hanala-baraka ny fampianarany? Satria izy ireo tena hanao rafitra toy ny nataon'ny razany, raha tamin'ny andron'i Ahaba izy ireo dia nanohitra an'i Mikaia. Nisy efa-jato tamin'izy ireo ary izy rehetra teo amin'ny fifanarahana; ary izy rehetra nilaza zavatra iray, nofitahiny ny vahoaka. Fa mpaminany IRAY kosa- - iray ihany - -no marina ary ny sisa rehetra diso, satria efa nomen'Andriamanitra an'io IRAY TOKANA io ny fanambaràna.

Mitandrema ianareo, fandrao voafitaky ny mpaminany sandoka, satria izy ireo dia amboadia mitoha.

Raha mbola anatin'ny fisalasalàna ianareo momba izany dia mangataha amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Fanahiny mba hameno sy hitarika anao, FA NY TENA VOAFIDY NO TSY HO AFAKA FITAHANA. Azonareo ve izany? Tsy misy olona afaka hamitaka anareo. Paoly dia tsy afaka namitaka olom-boafidy, raha toa izy ka diso. Ary amin'izany vanim-potoana voalohany Efesiana izany, ny olom-boafidy tao dia tsy ho voafitaka noho izy ireo nitsapa ny apostoly sy mpaminany sandoka ary nahita azy ireo ho mpandainga ka navoakany. Haleloia. NY ONDRINY mihaino ny Feony, ary izy ireo manaraka AZY. Amena. Mino izany aho.

FIARAHABANA
Apokalypsy 3:14, *"Izao no lazain'ny Amena, dia Ilay Vavolombelona Mahatoky sy Marina, ny Fiandohan'ny zavatra Noharian' Andriamanitra."*

Oh, tsy izany ve ny tena famaritana ny toetra mahafinaritry ny Tompo Mpamonjy antsika, Jesôsy Kristy? Ireo teny ireo dia mahatonga ahy hiantsoantso. Mitondra toe-tsaina amin'ny zava-misy ho ao am-poko izy ireo. Ny famakiana azy ireo monja, na dia tsy miandry fanambaràna feno ny Fanahy momba azy ireo aza dia mahasakodiavatra ahy. Jesôsy dia manome antsika ity famaritana ny Tenany ity momba ny vanim-potoana farany. Ny andron'ny famindra-po dia hifarana. Efa nijery avy tamin'ny taonjato voalohany Izy mankany amin'ny faharoa-polo, ary nilaza tamintsika ny zavatra rehetra momba ireo vanim-potoana ireo. Talohan'ny Nanehoany ny toetra mampiavaka ny vanim-potoana farany tamintsika, dia nanome antsika tompimaso farany Izy ao amin'ny Famindra-pony manokana sy fara-tampony maha Andriamanitra. Io no fanambaràna ny

vato-tendro momba ny Tenany.

Izao no lazain'ny "AMENA". Jesôsy no Amena an'Andriamanitra. I Jesôsy no [Ho tanteraka anie izany] an'Andriamanitra. Ny Amena dia mijoro ho farany. Midika fankasitrahana. Mijoro hanjakàn'ny teny fikasana. Mijoro ho an'ny fampanantenana tsy miova. Mijoro ho an'ny tombo-kasen'Andriamanitra. Tiako ianareo mba hijery izao akaiky ankehitriny ka ahita zavatra tena mamy sy tsara indrindra. Hoy aho hoe ITY NO FANAMBARÀNY AMIN'NY ANDRO FARANY MOMBA NY TENANY. Rehefa hikatona ny andron'ny famindra-po, dia avy tsy ho ela aorian'izany ny Arivo-taona, sa tsy izany? Eny ary, vakio miaraka amiko ny Isaia 65:16-19.

"Ka izay miarahaba tena etỳ ambonin'ny tany dia hanao izany amin'ny anaran'Andriamanitry ny fahamarinana; ary izay mianiana etỳ ambonin'ny tany dia hianiana amin'Andriamanitry ny fahamarinana, satria efa hadino ny fahoriana taloha, sady miafina amin'ny Masoko izany.
Fa, indro, Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka dia tsy hotsarovana intsony ny taloha, na ho mby ao an-tsaina akory aza. Fa mifalia sy miravoravoa mandrakizay ianareo, amin 'izay Noforoniko: fa, indro, mahary an'i Jerosalema ho fifaliana Aho, ary ny olony ho firavoravoana. Dia ho faly amin'i Jerosalema Aho sy ho ravoravo amin'ny oloko; ary ny feo mitomany tsy ho re any intsony, na ny feo mitaraina."

Izany no momba an'i Jerosalema Vaovao. Izany no fanjakana Arivo taona. Fa rehefa miditra ao amin'ny fanjakana arivo taona isika, dia henoy izay lazainy momba ny karazana Andriamanitra, Andininy faha16, *"ka izay miarahaba tena etỳ ambonin'ny tany dia hiarahaba tena ao amin'ny Andriamanitry ny fahamarinana."* Eny, marina izany, fa ny tena fandikan-teny dia tsy "Andriamanitry ny fahamarinana". Izany dia "ANDRIAMANITRY NY AMENA ". Noho izany dia mamaky izany isika, "dia hiarahaba tena amin'ny Andriamanitry ny AMENA, ary izay mianiana etỳ ambonin'ny tany dia hianiana amin'Andriamanitry ny AMENA, satria ny fahoriana taloha nohadinoina, ary satria izy ireo miafina amin'ny Masoko. Fa indro, Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ary ny teo aloha dia tsy ho tsarovana intsony, na ho mby ao an-tsaina. Fa mifalia kosa ianareo ary miravoravoa mandrakizay, satria mamorona izany aho; fa, indro, manao an'i Jerosalema ho fifaliana Aho ary ny olony ho firavoravoana. Dia ho faly ao amin'i Jerosalema Aho, ary ravoravo amin'ny Oloko; ary ny feo mitomany tsy ho re any intsony, na ny feo mitaraina," Haleloia. Ity no Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha, "ilay Andriamanitry ny Amena". Ity no Jesôsy ao amin'ny Testamenta Vaovao, "Andriamanitry ny Amena". Mihainoa, Ry Israely, ny Tompo Andriamanitrao dia Andriamanitra IRAY. Mbola eto indray, ny JEHOVAH AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA DIA JESOSY AO AMIN' NY VAOVAO. *"Mihainoa, Oh, Ry Israely ny Tompo Andriamanitrao dia Andriamanitra IRAY."* Ny Testamenta Vaovao dia tsy manambara Andriamanitra IRAY HAFA, fa io dia fanambaràna bebe kokoa momba ny ANDRIAMANITRA IRAY SY MITOVY. I Kristy dia tsy nidina mba hanao izay hahafantarana ny Tenany. Tsy tonga mba haneho ny Zanaka Izy. Tonga Izy mba hanambara sy hampahafantatra ny Ray. Tsy niresaka momban'ny Andriamanitra roa na oviana na oviana Izy; Niresaka momba ny Andriamanitra IRAY Izy. Ary ankehitriny amin'izao vanim-potoana farany izao, dia miverina ao amin'ny fanambaràna fototra isika, ny fanambaràna manan-danja indrindra momba ny maha Andriamanitra ao amin'ny Baiboly iray manontolo, izany dia, JESOSY DIA ANDRIAMANITRA, IZY SY NY RAY DIA IRAY: IRAY NO ANDRIAMANITRA MISY, ARY NY ANARANY DIA JESOSY KRISTY TOMPO.

Izy no Andriamanitry ny Amena. Tsy miova mihitsy Izy. Izay Ataony dia tsy hovainy na oviana na oviana. Lazainy izany, ary dia tanteraka. Ataony izany, ary tanteraka mandrakizay izany. Tsy misy afaka manala avy amin'izay Lazainy na hanampy izany. Ho tanteraka anie izany. Amena. Ho tanteraka anie izany. Moa tsy faly ve ianareo manompo izany karazana Andriamanitra izany?

Afaka mahafantatra tsara ny toerana misy anareo Aminy ianareo amin'ny fotoana rehetra. Izy no Andriamanitra AMENA ary tsy hiova.

"Izao no lazain'ny AMENA." Tiako izany. Midika izany fa na inona na inona lazainy dia tanteraka. Midika izany fa na inona na inona Nolazainy tao amin'ny vanim-potoana voalohany sy faharoa sy ny sokajin-taona rehetra momba ny Fiangonany manokana izay marina sy momban'ny voaloboka sandoka dia tena marina ary tsy hiova izany. Midika izany fa ny zavatra izay natombony avy ao amin'ny Genesisy, dia ho Faranany ao amin'ny Apokalypsy.Tsy maintsy ataony izany satria Izy no Amena, KOA HO TANTERAKA ANIE IZANY. Ankehitriny isika dia afaka mahita indray ny antony hankahalain'ny devoly ny Bokin'i Genesisy sy ny Apokalypsy. Halàny ny fahamarinana. Fantany fa ny marina no hanjaka. Fantany izay hiafarany. Ny fomba entiny miady amin'izany. Fa isika eo amin'ny lafin'ny fandresena. Isika (NY TIAKO HO LAZAINA DIA IREO MINO NY TENY IHANY) dia eo amin'ny lafiny Amena.

"Izao no lazain'ny Vavolombelona Mahatoky sy Marina." Ankehitriny dia tiako ny haneho aminareo izay hitako, amin'ny fieritreretana ny hoe "mahatoky". Fantatrareo fa isika matetika miresaka momba ilay Andriamanitra lehibe tsy miova, izay ny Teniny dia tsy miova. Ary rehefa miresaka momba Azy tahaka izany isika dia matetika mahita fomba fijery Azy izay mahatonga Azy ho tsy tahaka ny olona. Izany dia toy ny hoe Andriamanitra nanao ny izao rehetra izao sy ny lalàna rehetra momba azy, ary avy eo dia nitsangana teo aoriana ka lasa Andriamanitra lehibe tsy misy ifandraisany amin'ny olona. Izany dia toy ny hoe Andriamanitra nanao lalam-pamonjena ho an'ny olombelona very, izany làlana izany dia ny hazo fijaliana, ary avy eo, rehefa ny fahafatesan'i Kristy no nanonitra ny fahotantsika, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty nanome antsika varavarana misokatra ho ao Aminy, Andriamanitra dia nanakombona ny tanany nijoro tery aoriana. Toy ny hoe isika mametraka ny finoantsika amin'ilay Mpamorona lehibe, izay rehefa namorona Izy, dia tsy noraharahiny izay Nohariany.
Fa lazaiko ankehitriny fa olona maro no afaka hieritreritra izany. Fa izany dia eritreritra diso, fa Andriamanitra NO MIFEHY AO AMIN'NY RAHARAHAN'NY OLOMBELONA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO. IZY DIA SADY MPAMORONA NO MPANOHANA.

Kolosiana 1:16-17. *"Fa tamin'ny Alàlany no nanorenana ny zavatra rehetra, izay any an-danitra, sy ny ety an-tany, ny hita maso sy ny tsy hita maso, na fiandrianana, na fanjakàna, na fanapahana, na fahefàna, ny zavatra rehetra Izy no nahariana azy, sy ho Azy: Ary izy no talohan'ny zavatra rehetra, sady ao Aminy no aharetan'ny zavatra rehetra."*

Izy no Andriamanitra Fara-Tampony. Ny torohevitra ananany manokana no nikasàny ny drafitry ny famonjena ny Olom-boafidiny izay efa fantany rahateo. Ny Zanaka dia maty teo amin'ny hazo fijaliana mba hampiorina ny Lalam-amonjena ary ny Fanahy Masina manantanteraka an-tsakany sy an-davany ny sitrapon'ny Ray. Izy no miasa ny zava-drehetra amin'izao fotoana izao araka ny tanjon'ny Sitrapony manokana.Eo afovoan'izany rehetra izany Izy. Eo afovoan'ny Fiangonany Izy.Ity Mpamorona Lehibe ity, Andriamanitra-Mpamonjy dia miasa amim-pahatokiana eo anivon'ny Azy amin'izao fotoana izao, tahaka ny Mpiandry ondry lehibe. Ny fisiany dia ho an'ny Azy. Tiany izy ireo ary karakarainy. Ny Masony dia mijery azy ireo mandrakariva. Rehefa ny Teny no milaza fa "ny fiainanareo dia miafina miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra", dia izay mihintsy no dikany. Oh, tena faly aho fa ny Andriamanitro mitoetra mahatoky.Marina ao amin'ny Tenany Izy, tsy mba handainga Izy. Marina amin'ny Teny Izy, tohanany izany. Marina amintsika Izy, tsy ho ariany na dia ny iray amintsika aza, fa HANANGANA ANTSIKA IZY AMIN'NY ANDRO FARANY. Faly aho fa miala sasatra eo amin 'ny fahatokisany.

Filipiana 1:6. *"Ary mahatoky indrindra aho ny amin'izany zavatra izany, fa Izay nanomboka asa*

tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny Andron'i Jesôsy Kristy."

"Izy Ilay Vavolombelona Marina." Ary ankehitrinhy io teny hoe marina io, dia ilay teny hitantsika ao amin'ny Apokalypsy 3:7. Tadidinareo fa tsy midika hoe `marina', toy ny mifanohitra amin'ny 'diso.' Izany dia manandanja kokoa, sy heviny lalina kokoa. Io dia maneho fahatsapàna lavorary mifanohitra amin'ny fahatsapàna ampahany. Ary raha miverina any amin'ny Vanim-potoana Filadefia, dia manakaiky ny fiavian'ny Tompo. Endre izany halehiben'ny fitiavana nasehon'io Vanim-potoana io ho Azy. Mampahatsiahy ahy ireo teny mamy ao amin'i 1 Petera 1:8,
"Izay, na dia tsy hitanareo aza dia tianareo, ao Aminy, na dia tsy hitanareo ankehitriny aza Izy, nefa hinonareo, dia ravoravo ianareo amin'ny fifaliana tsy hay tononina sady feno voninahitra."

Mifaly miaraka amin'izy ireo ihany koa isika. Tsy nahita Azy isika, fa nahatsapa Azy. Fantatsika Izy ankehitriny raha mbola mamela antsika ny fahatsapantsika izay voafetra. Fa indray andro any dia hifanatri-tava. Izany no ho an'ity vanim-potoana ity. Ho avy izy amin'ny fahataperan'ity vanim-potoana ity. Ny fahatsapàna ampahany dia ho tonga FAHATSAPANA LAVORARY, FAHANTSAPANA FENO. Haleloia! Nijery tamin'ny fitaratra tao amin'ny maizina isika hatramin'izay, fa tsy ho ela izany dia fifanatrehan-tava. Nandeha avy amin'ny voninahitra mankany amin'ny voninahitra isika, fa tsy ho ela izany dia ho eo amin'ny voninahitra; ary AO AMIN'NY VONINAHINY ISIKA NO HAMIRAPIRATRA. HO TAHAKA AZY ISIKA, MAHAGAGA TAHAKA AZY, JESOSY ILAY ANDRIAMANITRA MPAMONJY ANTSIKA! Moa ve tsy mahafinaritra izany? Tanteraka ao Aminy isika.Izany no marina.Tsy handainga amintsika momba izany Izy. Fa indray andro any isika dia hovàna ao amin'ny atôma. Hitafy ny tsi-fahafatesana isika. Ho voatelina ao amin'ny fiainana isika rehetra. Avy eo isika dia HAHATSAPA FA MISY IZANY.

"Izy ilay Vavolombelona Mahatoky sy Marina." Ankehitriny dia mieritreritra an'izany teny izany isika, 'vavolombelona.' Eny ary, izany teny izany no nahazoantsika ny teny hoe 'maritiora'. Ny Baiboly miresaka momba an'i Stefana sy Antipasy sy ny hafa toy ny maritiora. Maritiora izy ireo; vavolombelona koa izy ireo. Jesôsy dia maritiora mahatoky. Ny Fanahy Masina no vavolombelon'izany. Ny Fanahy no manambara izany. Izao tontolo izao nankahala an'i Jesôsy. Namono Azy izany. Fa Andriamanitra tia Azy ka dia lasa tany amin'ny Ray Izy. Ny porofo fa lasa tany amin'ny Ray Izy dia ny fahatongavan'ny Fanahy Masina. Raha tsy noraisin'ny Ray Jesôsy, dia tsy tonga ny Fanahy. Vakio izany ao amin'ny Jaona 16:7-11.
"Fa Izaho milaza ny marina aminareo; mahatsara anareo ny fialàko; fa raha tsy hiala Aho, ny Mpananatra dia tsy ho avy aminareo; fa raha handeha Aho, dia hirahiko hoy aminareo Izy. Ary rehefa tonga Izy, dia hiteny mafy izao tontolo izao ny amin'ny fahotany, ary amin'ny fahamarinana sy fitsarana: Amin'ny fahotàna, satria tsy mino Ahy izy ireo; Amin'ny fahamarinana satria mankany amin'ny Ray Aho, ary ianareo tsy hahita Ahy intsony; Amin' ny fitsarana satria ny andrianan'izao tontolo izao dia efa voatsara."

Ny fanatrehan'ny Fanahy Masina eto amin'ity tontolo ity noho I Jesôsy tety dia manaporofo fa olo-marina i Jesôsy ary lasa any amin'ny Ray. Fa voalaza ihany koa ao amin'ny Jaona 14:18. *"tsy hamela anareo ho KAMBOTY Aho, ho avy aminareo Aho."* Nalefany ilay Mpampionona. Izy ILAY MPAMPIONONA. Niverina indray tamin'ny FANAHY Izy eo amin'ny Fiangonana tena marina. Izy no ilay VAVOLOMBELONA mahatoky sy marina eo anivon'ny fiangonana. Fa indray andro any Izy hiverina amin'ny nofo indray.Ho porofoiny Ilay hany Tompom-pahefana hendry, -- Izy izany, Jesôsy Kristy Tompon'ny Voninahitra. Vavolombelona mahatoky sy Marina, Mpahary sy Mpanohana, Fahatanterahana Lavorary, ilay Amena an'Andriamanitra. Oh, Tena tia Azy aho, izany fitiavako Azy, Jesôsy ilay Zanak'Andriamanitra.

Te-hanakatona ny hevitro momba ny ampahany amin'ity fiarahabana ity aho amin'ireto teny ao amin'ny II Korintiana 1:18-22 ireto.
"Fa raha mahatoky koa Andriamanitra, ny teninay taminareo dia tsy eny sy tsia; fa ilay Zanak'Andriamanitra, Jesôsy Kristy, Izay notorinay teo aminareo, eny izaho sy Sylvanus ary Timoty, dia tsy eny sy tsia, fa ao Aminy ny eny. Fa ny teny fikasan'Andriamanitra rehetra ao Aminy dia eny, ary ao Aminy ny Amena, ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay. Fa Izay mampitoetra anay mbaminareo ao amin'i Kristy sady nanosotra ataonay, dia Andriamanitra, Izay nanisy tombo-kase antsika koa ka nanome ny Fanahy ho santatra ato am-pontsika."

"Ny Fiandohan'ny Zavatra Noforonin'Andriamanitra." Izany dia Ilay nilazan'ny Tompo Jesôsy fa ny Tenany. Fa ireo teny ireo tsy midika marina araka ny fahenontsika azy. Raha raisina fotsiny amin'ny fahenoana azy dia mahatonga ny olona sasany (raha ny marina dia olona maro) hihevitra fa i Jesôsy ilay noharian'Andriamanitra voalohany, manao Azy ambany noho ny maha Andriamanitra. Ary ity fahariana voalohany ity dia namorona ny tontolo sisa rehetra sy izay rehetra ao aminy. Fa izany dia tsy marina. Fantatrareo izany fa tsy milahatra amin'ny sisa ao amin'ny Baiboly. Ny teny dia, "Izy no VOALOHANY na MPAMORONA ny zavatra noforonin'Andriamanitra." Ary fantatsika marina tokoa ankehitriny fa i Jesôsy dia Andriamanitra, tena Andriamanitra. Izy no Mpamorona.
Jaona 1:3
"Ny zavatra rehetra noforonina tamin'ny Alàlany, ary raha tsy Izy dia tsy nisy zavatra vita izay natao."
Izy no Ilay Iray izay voalaza ao amin'ny Genesisy. 1:1
"Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany".

Ary voalaza ao amin'ny Eks. 20:11,
"Fa henemana no nanaovan' ny TOMPO ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito."

Hitnareo, tsy misy isalasalana fa Izy no Mpamorona. Izy no Mpamorona ny ZAVA-BOARY VITA AZO TSAPAIN-TANANA.

Azo antoka fa afaka mahita ny dikan'ireo teny ireo isika ankehitriny. Raha misy fandikàna hafa dia mety midika hoe Andriamanitra no namorona an'Andriamanitra. Ahoana no hamoronana an'Andriamanitra raha Izy, Izy Tenany no Mpamorona?

Fa ankehitriny Izy mitsangana eo afovoan'ny Fiangonana. Rehefa mitsangana eo Izy mampiseho hoe iza Izy amin'izao vanim-potoana farany izao, miantso ny Tenany ho ilay "Mpamorona ny zavaboarin'Andriamanitra" Izy. Izany dia FAMORONANA HAFA. Misy ifandraisany amin'ny fiangonana izany. Izany dia fanendrena manokana ny Tenany. Izy no MPAMORONA izany fiangonana izany. Ilay Mpampakatra any an-danitra no namorona ny ampakarina, Azy manokana. Amin'ny maha Fanahin'Andriamanitra, dia Nidina Izy ka NAMORONA SELA TAO AMIN'NY MARIA VIRJINY IZAY NAHATERAHAN'NY VATANY. Te-hamerina izany aho. Izy no namorona ilay sela tao an-kibon'i Maria ho an'izany vatana izany. Tsy ampy ho an'ny Fanahy Masina ny hanome aina fontsiny ny atodin'olombelona avy amin'i Maria. Izany dia ho olombelona mpanota mamokatra ny vatana. Izany dia tsy ho namokatra ilay "Adama farany". Ny Aminy voalaza hoe: "Indro vatana no Nomaninao (Ray) ho Ahy." Andriamanitra (fa tsy Maria) no nanome izany vatana izany. Maria no olombelona nikotrika ary izy no nitondra ilay Zaza Masina ary nitondra Azy ho teraka. Io dia Andriamanitra-olona. Izy no Zanak'Andriamanitra. Izy dia avy tamin'ny famorenana VAOVAO. Olona sy Andriamanitra nihaona ary nikambana; Izy no voalohany tamin'io taranaka vaovao io. Izy no lohan'io taranaka vaovao io.

Kolosiana 1:18, *"Ary Izy no lohan'ny vatana, dia ny fiangonana: Dia Ilay voalohany, Iahimatoa amin'ny maty, mba hananany fihoarana amin'ny zavatra rehetra."*

II Korintiana 5:17 *"Noho izany raha misy olona ao amin'i Kristy, dia zavaboary vaovao izy, efa lasa ny zavatra taloha, indro ny zava-drehetra efa tonga vaovao."*

Eo ianareo dia afaka mahita fa na dia LAMINASA TALOHA aza ny famoronana ny olona, ankehitriny, amin'ny FIRAISANA AMIN'I KRISTY, dia lasa ny ZAVABOARY VAOVAO an'Andriamanitra izy.

Efesianina 2:10, "*Fa isika dia Asany VOAFORONA TAO AMIN'NY FIRAISANA MIARAKA AMIN'I KRISTY JESOSY ho amin'ny asa tsara."*

Efesianina 4:24, *"ary mba hotafinareo ilay OLONA VAOVAO izay noforonina arakan'Andriamanitra tao amin'ny fahamarinana sy ny fahamasinana marina."*

Io Zavaboary Vaovao io dia tsy ilay noforonina taloha, raha tsy izany tsy afaka ny hatao hoe famorenana vaovao. Izany indrindra no voalaza, "ZAVA-BOARY VAOVAO". Izany dia famoronana iray hafa, miavaka tamin'ilay taloha. Tsy mifandray amin'ny alalan'ny nofo intsony Izy. Izany ny fomba Nitondrany ny Israely. Nosafidiny Abrahama, ary avy amin'i Abrahama no nivoaka ny taranak'Isaka matahotra an'Andriamanitra. Fa ankehitriny avy amin'ny taranaka rehetra, foko sy firenena dia efa nampanantena famoronana vaovao Izy. Izy no voalohany amin'izany fahariana izany. IZY DIA ANDRIAMANITRA NOHARIANA TAHAKA NY ENDRIKY NY OLONA. Ary amin'ny alalan'ny Fanahiny Izy no hamorona ny Zanaka maro ho an'ny Tenany. Andriamanitra Mpamorona, mamorona ny Tenany ho ampahany amin'izay Noforoniny. Izany no tena fanambaràna avy amin'Andriamanitra. Izany no ny Fikasàny. Izany tanjona izany dia naka endrika amin'ny alalan'ny fifidianana. Izany no Nahafahany nijery ny vanim-potoana farany, rehefa ho tapitra ny rehetra ka nahitàny ny Tenany teo afovoan'ny fiangonana,amin'ny maha mpamorona ity Zava-boarin'Andriamanitra Vaovao ity Azy. Ny Heriny Fara-Tampony no naha-tanteraka izany. Tamin'ny alalan'ny didiny manokana no Nisafidianany ny mpikambana ao amin'io Zava-boary Vaovao io. NOTENDRENY MIALOHA izy ireo ho amin'ny fananganan'anaka araka ny fahafinaretan'ny Sitrapony.Tamin'ny alalan'ny fahalalàny ny zava-drehetra sy ny fananany ny hery rehetra no nanatanterahany izany. Raha tsy izany ahoana ny fomba Hijorony eo afovoan'ny fiangonana handraisany voninahitra avy amin'ireo Rahalahiny raha toa ka tsy azony antoka izany? Fantany ny zavatra rehetra, ary ny zavatra rehetra dia Niasàny avy araka izay Fantany mba ahatanteran'ny fikasàny sy ny sitrapony.

Efesiana 2:11 *"Ao aminy koa no nandraisantsika lova, rehefa NOTENDRENA MIALOHA ho an'ny Fikasàn'Ilay mahefa ny zavatra rehetra araka ny hevitry ny Sitrapony."*

Haleloia! Tsy faly ve ianareo fa Azy!

NY HAFATRA HO AN'NY VANIM-POTOANA LAODIKIA.
Apokalypsy 3:15-19
"Fantatro ny asanao, fa ianao tsy mangatsiaka na mafàna; Naleoko ianao ho mangatsiaka na mafàna. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafàna na mangatsiaka, dia aloan'ny Vavako. Satria hoy ianao: Izaho manan-karena, sy efa nitombo fananana, ka tsy mila na inona na inona; ary tsy fantatrao fa ianao ilay ory sy mahantra ary malahelo, jamba ary mitanjaka; Manoro hevitra anao

Aho hividy volamena voadio tamin'ny afo Amiko, mba hananao harena; sy fitafiana fotsy, mba ho tafiana ianao ka ny henatry ny fitanjahanao tsy hiseho; ary hosory odimaso ny masonao mba hahitanao. Fa izay Tiako no anariko sy faiziko; koa dia mazotoa ary ka mibebaha."

Araka raha efa novakiantsika miaraka izany dia azoko antoka fa tsikarirareo fa ny Fanahy tsy milaza karazana zavatra anankiray momba io vanim-potoana io. Manao fiapangana roa Izy ary manonona ny Didim-pitsarany eo amin'izy ireo.

(1)Apokalypsy 3:15-16: *"Fantatro ny asanao, fa hianao tsy mangatsiaka na mafana: ny Tiako dia aleo ianao ho mangatsiaka na mafana. Fa satria matimaty ianao dia, ka tsy mafana na mangatsiaka, dia aloaky ny Vavako."*

Hojerentsika akaiky ny momba an'io. Voalaza fa io taom-piangonana Laodikia io dia matimaty. Io toetra matimaty io dia mitaky ny sazy avy amin'Andriamanitra. Ny sazy dia aloan'ny Vavany izy ireo. Eto no toerana tsy handehanatsika amin'ny lalan-diso toy ny ataon'ny maro sasany. Tsy amim-pahendrena no hilazan'izy ireo fa Andriamanitra dia afaka mandoa amin'ny Vavany ary izany dia manaporofo fa tsy misy ny toy izany ho marina amin'ny fampianarana ny amin'ny faharetan'ny Olomasina. Te hanitsy ny fomba fisainanareo aho izao ankehitriny izao. ITY ANDININY ITY DIA TSY NATAO HO AN'NY OLONA IRAY.

Nomena ny fiangonana izany. Miresaka amin'ny fiangonana Izy. Ankoatra izany, raha mitandrina ny Teny fotsiny ao an-tsaina ianao dia ho tsaronao fa na aiza na aiza tsy misy milaza fa isika dia eo amin'ny VAVAn'Andriamanitra. Isika dia voasikotra teo amin'ny Tanany. Isika entina ao an-Tratrany. Tany aloha tany tamin'ny taona tsy fantatra talohan'ny fotoana dia tao an-Tsainy isika. Isika dia ao amin'ny Valany, ary ao amin'ny Fihinanam-bilony, fa tsy teo am-Bavany na oviana na oviana. Inona anefa no eo am-bavan'ny Tompo? Ny Teny no eo am-Bavany.

Matio 4:4 *"Fa namely Izy ka nanao hoe: Voasoratra hoe: ny olona tsy ho velona amin'ny mofo ihany, fa amin'ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."*

Ny Teny dia tokony ho eo amin'ny bavantsika ihany koa. Ary fantatsika fa ny fiangonana dia ny Tenany. Eto izy dia maka ny Toerany. Inona no ho eo am-bavan'ny fiangonana? Ny TENY.

1Petera 4:11 *"Raha misy olona miteny, dia aoka izy hiteny toy ny milaza (Teny) avy amin'Andriamanitra."*

II Petera 1:21 *"Fa ny faminaniana tamin'ny andro fahiny tsy tonga, noho ny sitrapon'ny olona; fa ireo lehilahy masin'Andriamanitra no niteny araka izay nitondran' ny Fanahy Masina azy ireo."*

Ary noho izany inona no tsy mety amin'ireo vahoakan'ny andro farany ireo? IZY IREO DIA NIALA TAMIN'NY TENY. TSY NAFÀNA FO MOMBA AN'IZANY INTSONY IZY IREO. IZY IREO DIA MATIMATY MOMBA IZANY. Mamelà ahy hanaporofo izany izao ankehitriny izao.

Ny Batista manana ny foto-pinoany sy ny fanekem-pinoany mifototra amin'ny Teny, ary ianao tsy afaka hanozongozona azy ireo. Milaza izy ireo fa ny fahagagana tamin'ny andron'ny apôstôly dia tsy misy intsony ary tsy misy Batisa amin'ny Fanahy Masina, manaraka ny finoana. Ny Metôdista milaza (mifototra amin'ny Teny) fa tsy misy batisa amin'ny rano (ny famafazana rano dia tsy batisa) izany fanamasinana izany dia ny Batisa amin'ny Fanahy Masina. Ny Fiangonan'i Kristy manome vahana ny amin'ny batisa fiterahana indray ary amin'ny lafiny maro izy ireo dia midina ao mpanota

maina ary miakatra avy ao mpanota lena. Kanefa izy ireo milaza fa ny foto-pampianarany dia mifototra amin'ny Teny. Mandehana mitohy mijery, ary tongava any amin'ny Pentekôstaly. Manana ny Teny ve izy ireo? Omeo azy ireo ny Teny fitsapana dia jereo. Ho atakalon'izy ireo fihetseham-po isaky ny mihetsika ny Teny. Raha afaka mamokatra ny fanehoana toy ny diloilo sy ny rà ianao na fiteny tsy fantatra, na famantarana hafa, na ao amin'ny Teny na tsia, na voadika araka ny tokony ho izy avy amin'ny Teny, ny maro an'isa dia ho tafalatsaka ho amin'izany. Inona anefa no nitranga tamin'ny ny Teny? Ny Teny dia voailika, ka hoy Andriamanitra: “Handeha hanohitra anareo rehetra Aho. Aloako amin'ny vavako ianareo.” Izany no farany. Fito avy ao amin'ny vanim-potoana fito, dia tsy nahitako na inona na inona afa-tsy olona mihevitra ny teniny ambonin'ny Ahy. Koa amin'ny hahataperan'ity vanim-potoana ity dia ho aloako amin'ny Vavako ianareo. Vita tanteraka. Hilaza Aho. Eny, eto Aho eo afovoan'ny ny Fiangonana. Ny Amena an'Andriamanitra, mahatoky sy marina no haneho ny Tenany ary izany dia amin'ny alalan'ny mpaminaniko." Eny izany tokoa.

Apokalipsy 10:7 *“fa amin'ny andron'ny feon' ilay anjely fahafito iraka, rehefa hanomboka hitsoka izy, ny zava-miafina izay an'Andriamanitra dia ho tanteraka, araka ny nambarany tamin'ny mpaminany mpanompony.”*

Eo ilay izy. Mandefa MPAMINANY VOAMARINA IRAY Izy. Naniraka mpaminany Izy rehefa afaka efa ho roa arivo taona. Naniraka olona iray izay lavitry ny fikambanana, ny fampianarana sy ny fivavahana eo amin'izao tontolo izao ka tahaka an'i Jaona Mpanao-batisa sy Elia fahiny, dia tsy hihaino afa-tsy Andriamanitra izy ary izy hanana ny "Izao no lazain'ny Tompo", ary miteny ho an'Andriamanitra izy. Izy no ho mpitondra teny avy amin'Andriamanitra, ary IZY ARAKA NY NAMBARA AO AMIN'NY MALAKIA 4:6, DIA HAMPITODIKA NY FON'NY ZANAKA HIVERINA ANY AMIN'NY RAZANY. Izy no hitondra indray ny olom-boafidin'ny andro farany, ary izy ireo dia handre mpaminany voamarina manome ny tena fahamarinana tahaka ny tamin'i Paoly. Hamerina ny fahamarinana izy tahaka ny nanan'izy ireo izany. Ary ny olom-boafidy miaraka aminy amin'izany andro izany dia ho ireo izay tena haneho ny Tompo sy ho Vatany ary ho Feony sy hanao ny Asany. Haleloia! Hitanareo ve izany?

Ny fandinihana vetivety ny tantaran'ny Fiangonana dia hanaporofo fa marina izany hevitra izany. Ao amin'ny Vanim-potoana Maizina, ny Teny dia saika very tanteraka tamin'ny olona. Nefa Andriamanitra naniraka an'i Luther niaraka niaraka tamin'ny TENY. Ny Loterana dia niresaka ho an'Andriamanitra tamin'izany andro izany. Saingy nanao fikambanana izy ireo, ary ilay Teny madio dia very tany amin'ny fikambanana mirona amin'ny foto-pampianarana sy ny fanekem-pinoana, fa tsy ny Teny ihany. Tsy afaka hiteny ho an'Andriamanitra intsony izy ireo. Ary Andriamanitra avy eo naniraka an'i Wesley, ary izy no feo niaraka tamin'ny Teny tamin'ny androny. Ary ny olona izay nitondra ny fanambaràny avy amin'Andriamanitra dia tonga epistily velona novakiana sy fantatry ny olona rehetra ho an'ny taranak'izy ireo. Rehefa tsy nahomby ny Metodista, Andriamanitra nanangana ireo hafa, ary izany dia nandeha nandritra ny taona maro hatramin'izao andro farany izao, ary dia mbola misy olona hafa koa amin'ny tany, izay eo ambanin'ny iraka ho azy ireo, no ho feo farany ho amin'ny vanim-potoana farany.

Eny tompoko. Ny fiangonana dia tsy "solon'ny vava" n'Andriamanitra intsony. Mpisolo vava ny tenany ihany izy. Noho izany Andriamanitra dia mitodika aminy. Izy no hampahamenatra azy amin'ny alàlan'ny mpaminany sy ny ampakarina, fa ny feon'Andriamanitra dia ho ao aminy. Eny izany no izy, fa voasoratra ao amin'ny toko farany amin'ny Apokalipsy andininy faha-17,

"Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe tongava".

Averina indray izao tontolo izao dia handre mivantana avy amin'Andriamanitra toy ny tamin'ny Pentekosta, fa mazava ho azy fa io Ampakarina Teny io dia hialàny toy ny tamin'ny vanim-potoana voalohany.

Ankehitriny dia mitaraina amin'ity vanim-potoana farany ity Izy, "Manana ny Teny ianao. Manana Baiboly bebe kokoa noho ny hatramin'izay ianao, nefa ianao tsy manao na inona na inona momba ny Teny, afa-tsy ny fizarazarana sy famotehina izany ho torotoro, maka izay tianao, ary mamela izay tsy tianao. Tsy liana amin'ny FIVELOMANA amin'izany ianao, fa miady hevitra ny amin'izany. Tiako kokoa ianao raha nangatsiaka na mafàna. Raha nangatsiaka ianao ary nandà izany, dia leoko ihany izany. Raha fotsin'ny hafanana ianao ny ahafantatra ny marina sy velona amin'izany, hidera anao Aho ny amin'izany. Fa raha alainao fotsiny ny Teniko, ary tsy homenao voninahitra izy, Izaho koa tsy maintsy handà ny hanome voninahitra anao. Aloako ianao fa mampisalebileby Ahy."

Ary na iza na iza dia mahalala fa ny rano matimaty dia mahatonga anao harary vavony. Raha toa ka mila fampadoavana ianao (Emétique) dia rano matimaty ny zavatra tsara indrindra azo sotroina. Ny fiangonana matimaty mahatonga an'Andriamanitra maloiloy araka ny efa nanambarany fa ho Aloany. Mampahatsiahy antsika ny fomba Nahatsapàny talohan'ny safo-drano, tsy izany? Oh, naleon'Andriamanitra ny fiangonana mangatsiaka na mafàna. Ny tsara indrindra dia ny mba hirehetany (mafàna). Nefa izy tsy izany. Efa lasa ny didim-pitsarana. Tsy izy intsony ny feon'Andriamanitra ho amin'izao tontolo izao. Izy dia manamafy fa izy no izy, fa Andriamanitra tsy milaza izany.

(2) Apokalypsy 3:17-18,
"Satria niteny ianao: Izaho manan-karena, sy efa nitombo fananana, ka tsy mila na inona na inona, ary tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra, malahelo sy jamba ary mitanjaka; Manoro hevitra anao Aho hividy Amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hananao harena, ary fitafiana fotsy mba hahafahanao mitafy, ary ny henatry ny fitanjahanao tsy hiseho, ary osory odimaso ny masonao, mba hahiratanao."

Jereo ankehitriny ireo andian-teny voalohany ao amin'ity andininy ity, [satria ianao milaza]. Hitanareo, izy ireo dia niteny. Izy ireo miteny toy ny mpisolo vava an'Andriamanitra. Izany indrindra no manaporofo ny tiako ho lazaina ao amin'ny andininy faha 16-17. Fa na dia milaza izany aza izy ireo, izany dia tsy midika hoe marina. Ny Eglizy Katolika miteny fa miresaka ho an'Andriamanitra izy, hilazàny fa izy dia feo azo antoka avy amin'ny Tompo. Nahoana ny olona no tena ratsy ara-panahy mihoatra izay fantatro, fa izy ireo dia mamokatra araka ny voa izay ao aminy, ary isika mahalala izay niavian'izany voa izany, sa tsy izany?

Ny fiangonana Laodikia dia manao hoe: "Izaho manan-karena sy efa nihary fananana, ka tsy mila na inona na inona." Izany dia fijeriny momba ny tenany. Mijery ny tenany izy ary izany no hitany.Hoy izy hoe: "Izaho manan-karena," izay midika fa manan-karena izy amin'ny zavatra eto amin'ity tontolo ity. Mirehareha izy eo anatrehan'ny Jakoba 2:5-7,

"Henoy, ry rahalahiko malala, tsy efa nofidin'Andriamanitra va ny malahelo amin'ity izao tontolo izao ity izay manankarena amin'ny finoana, sy ho mpandova ny fanjakana Nampanantenainy ireo izay tia Azy? Fa ianareo efa nanala-baraka ny malahelo. Moa ve tsy ny mpanankarena no mampahory anareo, sy mitarika anareo ho eo amin'ny fitsarana? Tsy izy ireo koa va no miteny ratsy ny Anarana tsara izay niantsoana anareo?"

Ankehitriny aho dia TSY milaza fa ny manan-karena tsy afaka ny ho ara-panahy, fa fantatsika

rehetra fa ny Teny milaza fa tena vitsy ireo. ny mahantra no maro an'isa ao amin'ny tena ny fiangonana marina. Koa ankehitriny, raha ny fiangonana lasa feno harena, dia zavatra iray loha ihany no fantantsika, "Ikaboda" [Aiza ny voninahitrao?] no misoratra ao amin'ny fidirana ao aminy! Tsy afaka mandà izany ianao, satria Teny izany.

Miresaha momba ny harena ao am-piangonana -- na oviana na oviana tsy mbola nisy fampisehoana harena toy izany. Ireo toeram-pivavahana tsara tarehy mitombo tsy tahakan' ny taloha. Ny vondrona isan-karazany mifaninana ny mba hahita izay afaka hanao ny lehibe indrindra sy ny tsara indrindra. Ary manangana trano fampianarana foibe mitentina an-tapitrisany maro izy ireo, ary ireo trano ireo dia ampiasaina adiny iray na roa isan-kerinandro ihany. Ary izay tsy ho zavatra tena ratsy, fa ny fotoana kely lany amin'ny fampianarana ny ankizy ao amin'ny fanabeazana fototra dia heverin'izy ireo fa hanolo ny ora fampiofanana tokony homena any an-tokantrano.

Efa nirotsaka tao am-piangonana ny vola, ka ireo antokom-pivavahana isan-karazany dia manana tahiry sy fifamatorana, orinasa, loharanon-tsolika, ary orinasa fiantohana. Efa narotsany amin'ny fifanampiana sy ny fisotroan-dronono ny vola. Ary izany dia toa tsara, kanefa nanjary fandrika ho an'ny mpanao fanompoam-pivavahana izany, fa raha manapa-kevitra ny handao ny vondrona misy azy izy ireo ho amin'ny fahazavàna bebe kokoa, na ny fitiavana an'Andriamanitra, ny fisotroan-dronono dia very ho azy ireo. Maro ny tsy hahatohitra izany ka hijanona amin'ny tsindry hazolena ao amin'io vondrona io.

Ary aza adino fa ity no vanim-potoana farany. Fantatsika fa ity no vanim-potoana farany, satria Israely efa niverina any Palestina. Raha mino isika fa tena ho avy marina Izy, dia tsy maintsy misy zavatra tsy mety amin'ireo izay manorina hatrany hatrany. Izany dia mahatonga ny fiheverana fa ireo olona dia mitetika ny hijanona ety mandrakizay, na i Jesôsy mbola an-jatony taona maro vao tonga. Fantatrareo ve fa ny fivavahana ankehitriny dia fantatra amin'ny anarana hoe raharaha lehibe (big business)? Tena zava-misy marina fa fitantanana raharaham-barotra no hapetrak'izy ireo ao amin'ny fiangonana mba hikarakara ny lafiny ara-bola. Izany ve no fanirin'Andriamanitra? Tsy mampianatra antsika ve ny Teniny ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly fa olona fito feno ny Fanahy Masina sy finoana no nanompo ny Tompo tamin'ny raharaha? Afaka mahita mahita tokoa ianareo ny antony nlazan'Andriamanitra hoe: "IANAREO milaza hoe manan-karena, Izaho tsy niteny izany na oviana na oviana."

Misy ny fandaharana amin'ny radio, fahita-lavitra, ary ezaka maro ataon'ny fiangonana izay mitentina an-tapitrisany dolara maro. Ny harena mirotsaka ary miraraka ao amin'ny fiangonana, ny mpikambana mitombo miaraka amin'ny vola, kanefa ny asa tsy vita toy ny nahavitàny fony tsy nisy ny vola, satria ny olona nifototra tamin'ny fahaizana nomen'ny Fanahy Masina azy ireo. Misy mpitory mikarama, mpanampy mandray karama, mandray karama ny mpikarakara mozika sy ny fanabeazana, antoko mpihira mandray karama, mpiandry Tanana aloa vola, lamin'asa, fialam-boly- - izany rehetra izany vola be, fa amin'izany rehetra izany dia MIHENA NY HERY. Eny, ny fiangonana dia manan-karena, fa ny hery tsy ao. Andriamanitra dia mihetsika amin'ny alalan'ny fanahiny, fa tsy amin'ny alàlan'ny habetsahan'ny vola na ny talenta ao amin'ny Fiangonana.

Ankehitriny dia te-hampiseho aminareo ny niafaran'io faniriam-bola diabôlika io aho. Ny fiangonana rehetra nivoaka mba hahazo mpikambana, indrindra indrindra fa ny mpanan-karena. Na aiza na aiza dia misy ilay antso mba hanao fivavahana tena manintona sy mahasarika ka ny manan-karena sy ny manam-pahaizana sy izay rehetra manana voninahitra amin'izao tontolo izao dia hiditra ao ary ho mpandray anjara mavitrika ao am-piangonana. Tsy fantatr'izy ireo ve fa

raha ny harena no fepetra takiana amin'ny ara-panahy, dia efa nanana an'andriamanitra izao tontolo izao, manana an'Andriamanitra avokoa, ary ny fiangonana tsy manana na inona na inona?

"Milaza ianao fa efa nihary fananana be aho."
Izany dia midika ara-bakiteny hoe: 'Manana harena ara-Panahy aho'. Izany dia toy ny arivo taona miaraka amin'ny lalam-bolamena sy ny fanatrehan'Andriamanitra. Fa manontany tena aho raha toa ka izany tokoa no izy. Ny fiangonana ve tena manan-karena amin'ny zavatra ara-Panahy momba an'Andriamanitra? Andeha isika handinika ny fireharehan'ireo olon'ny Laodikia amin'ity Taonjato Faharoapolo ity ao amin'ny fahazavan'ny Teny.

Raha toa ny fiangonana ka tena manan-karena ara-Panahy, ny fiantraikany dia ho tsapa eo amin'ny fiainana ara-piaraha-monina. Fa tena karazana fiainana inona no hiainan'ireo ara-panahy-anarana sy olona mahasarika ao amin'ny fiaraha-monina? Any ivelan'ny tanan-dehibe, any amin'ny distrika tsara kokoa, dia mitombo ny fifanakalozam-bady, fivarotan-tena, ary ny andian'ny ankizy mpandrava lanonana, handoavana vola be amin'ny fanimbana fananan'olona. Ny fitondran-tena maloto dia tonga eo amin'ny fara-tampony tsy mifidy fihaviana amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo, fidorohana zava-mahadomelina, filokàna, ny halatra, sy ny karazana ratsy rehetra. Ary ny fiangonana mitohy milaza fa tsara ity taranaka ity, ny fiangonana feno ary na ireo mpanompo teratany eo amin'ny asa fitoriana aza dia tsy mikely soroka. Ny fiangonana nandefa ny olona ho any amin'ny dokotera, indrindra fa ny Psikiatra. Ahoana no hidradradradrany fa manan-karena ara-Panahy izy mihoatra noho izay fantatro. Tsy marina izany. Izy ireo dia bankirovitra fa tsy mahalala izany.

Jereo tsara ny manodidina anareo. Diniho ny olona rehefa mandeha. Amin'ny olona maro dia ho hitanareo, mety afaka avahanareo ve ireo izay manana endrika Kristiana? Jereo ny fomba fitafiny, ny fomba fihetsiny, henoy izay lazainy, jereo izay halehany. Azo antoka fa tsy maintsy tokony hisy ny tena porofon' ny fahateraham-baovao eo anivon izay rehetra hitantsika mandeha. Fa vitsy no ao. Kanefa amin'izao fotoana izao ny fiangonana fototra dia milaza amintsika fa manana an-tapitrisany voavonjy izy ireo ary fenon'ny Fanahy. Fenon'ny Fanahy? Afaka miantso ny vehivavy iray feno ny Fanahy ve ianao izay mandeha manodidina miaraka amin'ny volo olioly fohy, pataloha fohy hatreny apoto-pe sy pataloha lava, saro-kenatra, izy rehetra miloko tahaka an'i Jezebela? Raha mihaingo amin'ny akanjo maotina izy ireo rehefa tonga vehivavy kristiana, dia ho halako ny fieritreretana ny tsy maintsy hitoriko ny fampisehoana ny tsy fahamaotinana.

Ankehitriny dia fantatro fa tsy ny vehivavy no nametraka ny fomba fanao. Hollywood no manao izany. Fa mihaino ry vehivavy, mbola mivarotra lamba maro sy milina fanjairana izy ireo. Tsy voatery hividy izay any amin'ny toeram-pivarotana ianareo ka manao izany ho fialan-tsiny. Tena raharaha lehibe mampidi-doza ity hidirako ity. Tsy novakinareo ve ao amin'ny Soratra Masina fa rehefa mijery vehivavy iray ny lehilahy iray ary mila azy ao am-pony, dia efa nijangajanga taminy tao am-pony? Ary eritrereto hoe nitafy toy izany ianareo ka hahatonga izany? Izany dia mahatonga anareo ho mpiara-manota aminy, na dia tsy mahalala izany aza ianareo, tena mbola virjiny tsy manana izany faniriana izany. Fa Andriamanitra mihazona anareo ho tompon'andraikitra ary ho tsaraina ianareo.

Ankehitriny dia fantatro ianareo vehivavy fa tsy tia io karazana fitoriana io, fa ranabavy, diso ianareo amin'ny ny zavatra ataonareo. Ny Baiboly mandrara anareo tsy hanapaka ny volonareo. Andriamanitra nanome an'io ho fisaronana. Nandidy anareo izy mba hanao an'io ho lava. Izany ny voninahitrareo. Rehefa nanapaka ny volonareo ianareo dia midika fa nandao ny fahefana maha-lohany ny vadinareo. Toa an'i Eva dia nandeha nivoaka ianareo ka nanao izay tianareo. Nahazo alalana hifidy.Nalainareo ny asan'ny lehilahy. Nialanareo ny maha- vehivavy anareo. Tokony

hibebaka ianareo ary hiverina amin'Andriamanitra. Ary raha izany rehetra izany dia tsy ampy anareo, dia maro aminareo no nihevitra mba hianika ny polipitra sy ny raharaham- piangonana izay natokan'Andriamanitra ho an'ny lehilahy sy ho an'ny lehilahy irery ihany. Oh, nikasika faritra marary aho, sa tsy izany? Eny ary, asehoy ahy ny toerana iray ao amin'ny Baiboly, fa Andriamanitra dia nanendry vehivavy mba hitory, na haka fahefana eo amin'ny lehilahy dia hiala tsiny aho noho ny zavatra izay efa nolazaiko. Tsy afaka mahita ianareo fa diso aho. Marina ny ahy, fa mijoro miaraka amin'ny Teny aho ary ao amin'ny Teny. Raha manan-karena Ara-panahy ianareo dia ho fantatrareo fa marina izany. Tsy misy na inona na inona marina afa-tsy ny Teny. Hoy i Paoly: "Izaho tsy mamela ny vehivavy hampianatra na handrombaka fahefàna hanapaka ny lehilahy." Tsy afaka maka toerana ao amin'ny fanompoana dimy sosona ianao araka ny Efesianina 4, ka tsy hanam-pahefàna eo amin'ny lehilahy. Ranabavy, tsara kokoa ianareo raha mihaino izany Teny izany. Tsy ny Fanahin'Andriamanitra miseho eo amin'ny fiainana feno Fanahy no nilaza taminareo hitory, satria ny Fanahy sy ny Teny dia IRAY ihany. Zavatra iray ihany no ambarany. Misy olona manao fahadisoana. Misy olona voafitaka. Mifohaza, dieny mbola tsy diso aoriana loatra.Satana namitaka an'i Eva, ny reninareo; mamitaka ireo zanakavavy izy izao. Enga anie Andriamanitra hanampy anareo.

"Tsy mila na inona na inona aho."
Ary raha misy olona manao hoe: "Izaho tsy mila na inona na inona," dia mety afaka milaza tsara izy hoe: "Manana ny zavatra rehetra aho", na dia mety hanao izy hoe: "Tsy mila intsony aho fa efa voky". Afaka maneho izany ianao amin'ny fomba rehetra hitiavanao azy, fa izy rehetra dia midika fa ny fiangonana dia ravoravo. Afa-po amin'izay ananany izy. Na izy mihevitra fa ananany daholo na manana ny ampy. Ary izany indrindra no hitantsika ankehitriny. Inona no antokom-pinoana tsy milaza fa IZY dia manana ny fanambaràna sy ny hery ary ny fahamarinana? Henoy ny Batista, izy ireo manana ny rehetra. Henoy ny Metodista, izy ireo manana ny rehetra. Henoy ny Fiangonan'i Kristy fa diso daholo ny olona rehetra afa-tsy izy ireo ihany. Henoy izay lazain'ny Pantekôstaly ary izy ireo dia manana ny fahafenoan'ny fahafenoana. Ankehitriny izy ireo dia mahalala fa ny marina no lazaiko momba azy ireo, fa tsy misy amin'ireo bokiny no milaza mifanohitra amin'izany. Ary nosoratany tsara dia tsara izany rehetra izany ka napetrany teo ny anaran'izy ireo ka novitainy tsara. Tsy misy an'Andriamanitra intsony. Ary misy ireo izay tsy mila intsony. Tsy mino ny fanasitranana izy ireo ka tsy te-hahazo izany, na dia ao amin'ny Teny aza izany. Misy ireo izay tsy te handray ny Fanahy Masina raha nosokafan' Andriamanitra ny lanitra ary nasehony azy ireo ny famantarana.

Ary izy rehetra milaza sy miezaka ny hanaporofo fa manana izany rehetra izany, na izy ireo manana ny ampy.Kanefa izany ve ny marina? Ampitahao izao fiangonan'ny taonjato faharoa-polo izao amin'ny fiangonana tamin'ny taonjato voalohany. Ataovy tsy am-pihambahambana. Ataovy izany. Aiza ny hery? Aiza ny fitiavana? Aiza ny fiangonana voadio izay nanohitra ota sy nandeha tamin'ny finoana mankao amin'i Jesôsy? Aiza ny firaisan-tsaina? Tsy afaka mahita izany ianao. Raha nanan'ity fiangonana ity izay rehetra ilainy, nahoana izy ireo no mitaraina bebe kokoa amin'Andriamanitra ao amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly toy ny tsy nanana izany rehetra izany, kanefa izy ireo nanana lavitra noho izay nananany ankehitriny?

NY HITAN'ANDRIAMANITRA.
Ary ankehitriny izay hitan'Andriamanitra dia hafa tanteraka noho ireo zavatra lazain'izy ireo fa hitany. Nilaza izy ireo fa manan-karena amin'ny entana sy Ara-panahy. Tonga izy ireo.Tsy mila na inona na inona. Fa Andriamanitra nahita ny mifanohitra amin'izany. Hoy Izy hoe: "Tsy fantatrareo fa ianareo no ory, mahantra, malahelo, jamba, ary mitanjaka." Rehefa misy olona toy izany, indrindra fa mitanjaka kanefa TSY MAHALALA IZANY, dia tsy maintsy misy zavatra goavana diso. Azo

antoka fa misy zavatra tsy maintsy nitranga. Moa tsy efa nanajamba ny mason'izy ireo tahaka ny nataony tamin'ny Jiosy Andriamanitra? Moa ve ny Filazantsara miverina ho any amin'ny Jiosy? Moa ve ny tantara miverina? Milaza aho fa izany.

Andriamanitra milaza fa ity fiangonan'ny Vanim-potoan'i Laodikia ity dia "ory". Izany teny izany dia avy amin'ny teny grika roa midika hoe ‘miaritra' sy 'fitsapana.' Ary tsy misy ifandraisany amin'ny fitsapana izay mahazo ny tena Kristiana marina, fa Andriamanitra mamaritra ny Kristiana amin'ny fizahan-toetra toy ny "voatahy", ary ny toetrany dia iray amin'ny fifaliana izay voalazan'ity famaritana ity manao hoe "ory sy fadiranovana". Tena hafahafa. Amin'izao fiainana hananana ny amby ampy izao, amin'izao fiainan'ny fandrosoana izao, amin'izao fiainan'ny fananambe izao, nahoana no misy fitsapàna? Eny ary ankehitriny dia hafahafa izany; fa amin'ity vanim-potoanan'ny fananana amby ampy sy fahalalahana ity, izay ny olon-drehetra manana be dia be, ary tena betsaka ny mbola hananana, ahoana ireo famoronana hanaovana ny asantsika sy ny zavatra maro hanomezana fahafinaretana antsika, TAMPOKA ANEFA, dia hitantsika ny aretin-tsaina mitombo isa ary manaitra ny firenena. Raha ny rehetra tokony ho faly, ary tsy misy na inona na inona tsy hampifaly, an-tapitrisany maro no mihinana fampatoriana amin'ny alina, fanafody mapatanjaka amin'ny maraina, miriotra mankany amin'ny dokotera, miditra amin'ny tobim-pitsaboana, ary miezaka mba hamono ny tahotra amin'ny toaka.

Eny, izao vanim-potoana izao dia mirehareha amin'ny fivarotana lehibe ny entan'izao tontolo izao, fa ny olona tsy faly noho ny hatramin'izay. Ity vanim-potoana ity dia mirehareha amin'ny zava-bitany ara-panahy, fa ny olona dia toa tsy mahatoky ny tenany noho ny hatramin'izay. Ity vanim-potoana ity mirehareha amin'ny soa-toavina ara-pitondrantena kanefa ratsy kokoa noho ny vanim-potoana hafa nanomboka tamin'ny safo-drano. Izy dia miresaka momba ny fahalalana sy ny siansa, kanefa dia sasa-poana ny adiny eo amin'ny saha, satria ny saina maha olombelona sy ny aina sy ny fanahy tsy afaka hahatakatra na hahafantatra amin'ny fiovàna rehetra izay efa tonga eto an-tany. Tao amin'ny taranaka isika dia nandeha tamin'ny taonan'ny soavaly sy kalesy mankany amin'ny taonan'ny habakabaka, ary mirehareha fatratra momba izany isika; nefa ao anatiny dia misy zohy maizina babangoana izay miantso mafy amin'ny fijaliana, ary NOHON'NY ANTONY TSY FANTATRA dia reraka ny fon'ny olona noho ny tahotra, ary izao tontolo izao tena maizina ka izao vanim-potoana izao dia azo antsoina tsara hoe vanim-potoanan'ny fikorotanan-tsaina. Mirehareha izy fa tsy afaka manohana izany.Milaza fiadanana izy, kanefa tsy misy fiadanana. Milaza izy fa manana ny zava-drehetra mihoam-pampana, kanefa mbola mirehitra foana ny faniriany toy ny afo tsy mety afa-po! "Tsy misy fiadanana," hoy Andriamanitra ho an'ny ratsy fanahy.

"Fadiranovana izy ireo." Midika izany fa izy ireo dia tokony ho zavatra mampalahelo. Hampiononina? Esoin'izy ireo izany. Izy ireo dia mpirehereha fatratra. Izy ireo dia miambo amin'izay ananany. Fa ny zavatra ananany dia tsy hahajoro amin'ny fotoana fisedràna. Nanorina teo ambony fasika izy ireo fa tsy ny vatolampy fanambarana ny tenin'andriamanitra. Tsy ela dia ho tonga ny horohoron-tany. Tsy ho ela dia ho tonga ny tafio-drivotra sy ny fahatezeran' Andriamanitra amin'ny fitsarana. Ary tonga tampoka ny fandringanana, ary na dia eo aza ny fiomanana ara-nofon'izy rehetra dia mbola tsy ho vonona amin'ny zavatra ho tonga amin'ny tany izy ireo. Izy ireo na dia manohitra ny tenany aza ny ezaka rehetra nataony teto amin'ity tontolo ity dia tsy fantany. Tena mampalahelo tokoa izy ireo. Hiantrao ny olona mahantra amin'izao andro faran'ny hetsika ekiomenisma izao, fa izy ireo manao izany ho hetsik'Andriamanitra, kanefa izany avy amin'i Satana. Hiantrao ireo izay tsy mahalala ny ozona ao amin'ny fikambanana (organisation). Hamindrao fo ireo izay manana fiangonana tsara tarehy maro, tranon'ny mpitandrina tsara tarehy, antoko mpihira ngeza voaofana, fampisehoana harena, sy fomba fivavahana milamindamina sy manana endrika fanompoana amin-tahotra. Miantra azy ireo, aza mitsiriritra azy ireo. Miverina any amin'ilay trano

fahiny, efitra zara raha misy hazavana, miverina any amin'ny lakaly fitehirizana, miverina any amin'ny tsy dia misy an'izao tontolo izao, fa bebe kokoa an'Andriamanitra. Mamindra fo ho an'ireo izay manao fanambaràna lehibe, ary miresaka momba ny fanomezam-pahasoavany. Raiso ho toy ny antony mampalahelo izy ireo, fa tsy ho ela izy ireo dia ny anton'ny fahatezerana.

"Mahantra izy ireo." Ary mazava ho azy fa mahantra Ara-panahy no dikan'izany. Ny famantarana ity vanim-potoana ity raha efa hikatona izy, dia ny fiangonana miha-lehibe sy mihatsara, ary bebe kokoa ny olona, miaraka amin'ny fanehoana bebe kokoa izay tokony ho ny fanehoan'ny Fanahy Masina. Fa ny alitara feno, ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy miasa, ny mpanatrika miavaka dia tsy ny valiny avy amin'andriamanitra, satria ireo izay tonga eo amin'ny alitara tena mahalana vao tafajanona mba handeha hiaraka amin'Andriamanitra, ary rehefa vita ny fampielezan-kevitra lehibe, aiza ireo rehetra nanantona? Nandre olona izy ireo, nihaino ny antso, dia tonga tao anaty harato, kanefa tsy trondro, ary tahaka ny sokatra izy ireo nandady niverina tany anatin'ny ranony.

Avy eo dia misy io resaka rehetra momba ny glossolalia io (fiteny tsy fantatra) – io dia tokony ho ny porofon'ny Batisan'ny Fanahy Masina, ary ny olona no mieritreritra fa izy ireo dia eo anivon'ny fifohazam-panahy lehibe. Efa tapitra ny fifohazam-panahy. Amerika nanana ny azy farany tamin'ny 1957. Ary ny fiteny tsy fantatra ankehitriny dia ny famantarana ny loza mananontanona, tahaka ny nisehony teo amin'ny rindrina tamin'ny andro firavoravoan'i Belsazara. Tsy fantatrareo va fa maro no ho avy amin'ny andro farany ka hanao hoe: "Tompoko, Tompoko, moa tsy nanao asa lehibe maro tamin'ny Anaranao izahay, na dia ny namoaka ny demonia aza?" Ary Izy hilaza hoe: *"Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka. Tsy fantatro mihitsy ianareo."* Matio 7:22-23.

Jesôsy nilaza fa izy ireo dia mpanao ratsy. Kanefa ianao mahita olona tonga sy mivavaka ho an'ny marary, mitondra menaka sy fisehoana rà ao amin'ny fiangonana, ny faminaniana mivoaka sy ny karazan-javatra tsy takatry ny saina, ary ny olona dia hiangona manodidina azy, ka mianiana fa izy dia avy amin'ny Tompo, eny fa na dia ny fakàna vola amin'ny fivavahana aza sy ny fiainana amin'ny fahotana no ataony. Ny hany valiny ananan'izy ireo dia tena tsy araka ny Baiboly [eny, mahazo vokatra izy, ka dia tsy maintsy avy amin'Andriamanitra.] Tena mampihori-koditra. Tena mahantra ao amin'ny Fanahin'Andriamanitra ITY VANIM-POTOANA ITY, ary ireo mahantra fadiranovana ireo aza tsy mahalala izany akory.

"Ianao dia jamba sy mitanjaka." Ary izany dia tena mampamoy fo. Nahoana ny olona iray no jamba sy miboridana kanefa tsy mahalala izany? Nefa voalaza fa izy ireo dia jamba sy mitanjaka, ary tsy afaka mahita izany. Ny valiny dia jamba ara-panahy izy ireo, ary mitanjaka ara-panahy. Tsaroanao ve tamin'ny Elisa sy Gehazy nodidin'ny miaramilan'ny Syriana? Tadidinareo fa Elisa namely azy ireo ho jamba tamin'ny alàlan'ny herin'Andriamanitra. Kanefa ny mason'izy ireo dia nivandravandra ary afaka nahita izay nalehany. Ilay fahajambàna dia hafa kely amin'izany fahafahany mahita ny zavatra sasany izany, fa ny zavatra hafa sasany toa ny an'i Elisa sy ilay mpanompo ary ny tobin'ny Isiraely tsy afaka hitan'izy ireo. Ny zavatra hitan'ity tafika ity dia tsy nahasoa azy. Fa izay tsy hitany no nitondra azy ireo ho amin'ny fahababoana. Ary inona ary no dikan'izany ho antsika? Izany dia ny dikany tany aloha ihany teo amin'ny fanompoan'i Jesôsy tety an-tany. Niezaka nampianatra azy ireo ny fahamarinana Izy, nefa tsy nihaino izy ireo.

Jaona 9:40-41.
"Ary ny sasany tamin'ny Fariseo izay teo Aminy, nony nandre izany teny izany dia nanao taminy hoe: moa izahay koa va jamba? Hoy Jesôsy tamin'izy ireo: Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-keloka; nefa hoy ianareo ankehitriny: Mahiratra izahay, noho izany dia mbola ao ny otanareo."

Ny toe-tsain'izao vanim-potoana izao dia tsy misy valaka amin'izany. Ananan'ny olona ny rehetra. Fantatr'izy ireo ny rehetra. Izy ireo tsy azo ampianarina. Raha misy hevitra iray amin'ny fahamarinana avy amin'ny Teny mipoitra ka misy olona iray miezaka ny hanazava ny fijeriny amin'ny anankiray izay manohitra izany, ilay mihaino dia tsy mihaino akory mba hianatra, fa mihaino fotsiny mba handà izay voalaza. Ankehitriny dia te-hanontany fanontaniana tsotra aho. Afaka miady amin'ny Soratra Masina ve ny Soratra Masina? Ny Baiboly ve mifanohitra amin'ny Baiboly? Mety misy foto-pampianarana roa ny fahamarinana ve ao amin'ny Teny izay milaza ny mifanohitra, na manohitra ny hafa? TSIA. TSY METY, TSY METY HO TOY IZANY. Kanefa firy ireo olon'Andriamanitra izay manana ny masony misokatra ho an'izany fahamarinana izany? Tsy misy na dia iray isan-jato aza, araka ny fahalalako, no nianatra fa ny Soratra Masina REHETRA dia nomen'Andriamanitra ary izy rehetra dia mahasoa ho fampianarana, fandresen-dahatra, fanitsiana, sns... Raha ny Soratra Masina ary izany dia nomena, dia ny andininy rehetra dia hifameno rehefa misy hitrangan'izany. Firy anefa no mino ny lahatra (predestination) amin'ny fifidianana sy tsy fankatoavana ho amin'ny fandringanana? Ireo izay tsy mino, hihaino ve izy ireo? Tsia tsy hiano izy ireo. Kanefa izy roa dia samy ao amin'ny Teny, ary tsy misy inona na inona hanova izany. Fa ny mianatra momba izany sy hampifandray ny marina amin'ireo foto-pampianarana ireo amin'ny fahamarinana hafa izay toa manohitra, dia tsy handanian'izy ireo fotoana. Manampin-tsofina izy ireo, ary mihidy vazana, ary dia maty antoka. Any amin'ny fahataperan'izao vanim-potoana izao dia hisy mpaminany ho avy, fa ho jamba izy ireo amin'izay ataony rehetra sy lazainy. Mihevitra izy ireo fa marina ny azy ireo, ary ao amin' ny fahajamban'izy ireo no hahavery azy.

Ary Andriamanitra ankehitriny dia milaza fa mitanjaka izy ireo ary jamba. Tsy mbola nahita zavatra mampalahelo tahaka izany aho, dia lehilahy iray jamba sy miboridana kanefa tsy mahalala izany. Tsy misy afa-tsy valiny iray ihany- - voa ny sainy.Tena efa tafalatsaka amin'ny fanadinona lalina izy. Lasa ny fahalalàny, tafiditra ny fanadinona ara-panahy. Inona koa no mety ho dikany? Mety midika ve hoe lasa ny Fanahy Masina amin'ity fiangonana amin'ny andro farany ity? Mety midika ve izany fa nesorin'ny olona tao an-tsainy Andriamanitra ary tena fatratra izany hany ka na dia mitranga araka ny voalaza ao amin'ny Romana 1:28.
"Eny fa tsy tian'izy ireo ny mihazona an'Andriamanitra ao amin'ny fahalalàny, dia nomen'andriamanitra azy ireo ny fisainana manohitra hanao izay zavatra tsy tokony hatao."

Tena hita tokoa fa toy izany no nitranga. Eto dia vahoaka izay milaza fa avy amin'Andriamanitra sy mahalala an'Andriamanitra ary manana ny Fanahy Masiny, nefa izy ireo dia miboridana sy jamba fa tsy mahalala izany. EFA VOAFITAKA IZY IREO. FANAHY MAMITAKA NO AO AMINY. NY OLOM-BOAFIDY TSY AFAKA NY HO FITAHINA, FA MIHARIHARY KOSA FA IREO HAFA IREO DIA VOAFITAKA. Ireo no efa lasa jamba, satria nandà ny Tenin'Andriamanitra. Ireo no efa nanala ny fitafiany tamin'ny fialàna tamin'ny fikarakarana sy ny fiarovan'Andriamanitra, ary nitady ny hanao ny lalam-pamonjena ho azy manokana, ny tilikambon'i Babela manokana amin'ny fikambanana.

Oh,tena tsara tarehy sy raitra ny fijerin'izy ireo ny fitafiny ireo rehefa mamorona ny fivorian-dehibeny izy, ny filan-keviny, sns... Fa ankehitriny andriamanitra dia manala izany rehetra izany, ary dia mihanjaka izy ireo, fa ireo fikambanana ireo tsy nanao afa-tsy nitondra azy ireo ho ao amin'ny tobin'ny antikristy, ao amin'ny sahan'ny tsimparifary, mankany amin'ny famatorana sy ny fandoroana. Tena zavatra mampalahelo tokoa izy ireo. Eny, miantrà azy ireo, ampitandremo izy ireo, hiangavio izy ireo, kanefa izy ireo mbola handeha amin'ny tevan'ny fahaverezana, amim-pahatezerana ny fanalàna ny ezaka rehetra mba hamonjy azy ireo toy ny sisa tsy main'ny afo. Fadiranovana tokoa izy ireo, nefa tsy fantany izany. Mankahala, sy be fanantenana, mirehereha izy ireo ny amin'ny fahamenarany. Mpikomy manohitra ny Teny, fa indray andro any izy ireo dia hotsarain'izany, ary handoa ny saran'ny fiapangana mahatsiravina.

TOROHEVITRA FARANY HO AN'NY VANIM-POTOANA.
Apokalypsy 3:18-19. *"Manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo mba hananao harena; ary fitafiana fotsy mba hitafianao ary ny henatry ny fitanjahanao tsy hiseho; ary hosory odi-maso ny masonao mba hahita. Izay Tiako dia Teneniko mafy sy Faiziko; koa dia mazotoa, ary mibebaha."*

Ny fananaran'Andriamanitra dia teny fohy. Izany dia mahalaza izay tiana ho lazaina. Ity fiangonana amin'ny andro farany ity dia Tarihiny ho amin'ny fanantenana iray. Izany fanantenana izany dia IZY TENANY. Hoy izy: "Mankanesa atỳ Amiko ka mividiana." Hita avy amin'io teny ny hoe "Mividiana Amiko" satria ny fiangonana Laodikia dia tsy mba niantehitra tamin'i Jesôsy momba vokatra ara-panahin'ny fanjakan'Andriamanitra.Tsy afaka ny ho ara-panahy ny raharaham-barotr'izy ireo. Mety hieritreritra izy ireo fa ara-panahy, kanefa ahoana ny ahafahany amin'izany? Ny asa eo an'ivony dia azo antoka fa tsy izay nambaran'i Paoly: *"Andriamanitra ao anatinareo manaiky sy manao ny Sitrapony."* Filipiana 2:13. Noho izany ahoana ny momba ireo fiangonana ireo, sekoly, toeram-pitsaboana, fahasahian'ny misionera, sns...? Andriamanitra dia tsy ao amin'izy ireo raha mbola voa sy fanahin'ireo anaram-piangonana ireo izy ireo, fa tsy ny Taranaka sy ny Fanahin'Andriamanitra.

"Mividiana Amiko, volamena voadio tamin'ny afo, mba hananao harena."
Ary ireo olona ireo dia manana volamena be dia be, fa izany dia tsy ilay tena izy. Izany dia ilay volamena izay nividy ny fiainan'ny olona ka nanimba azy. Izany dia ny volamena izay nampioritra sy namily ny toetran'ny olombelona, satria ny fitiavana azy no fototry ny ratsy rehetra.

Apokalypsy 18:1-14,
"Ary rehefa afaka izany dia hitako fa nisy anjely iray hafa nidina avy tany an-danitra, nanana hery lehibe, ary ny tany nohazavain'ny voninahiny. Ary niantso mafy tamin'ny feo mahery izy, nanao hoe: Babylona lehibe dia lavo, lavo, ka tonga fonenan'ny demonia, sy famaharan'ny fanahy maloto rehetra, ary tranom-boron'ny vorona maloto sy feno fankahalana rehetra. Fa ny firenena rehetra nisotro ny divain'ny fahatezeran'ny fijangajangany, ary ny mpanjakan'ny tany nijangajanga taminy, ny mpivarotra amin'ny tany tonga mpanankarena nohon'ny zava-mahafinaritra mihoa-papana ao aminy. Ary nahare feo iray koa aho avy tany an-danitra, nanao hoe: Mialà aminy ianareo, ry Oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy handraisanareo ny loza hanjo azy. Fa ny fahotany efa nitehika tamin'ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony. Hamaly azy araka ny hamaliana soa anareo, ary hanome azy indroa heny araka ny asany; ao amin'ny kapoaka izay nofenoiny, feno indroa heny. Nanome voninahitra ny tenany fatratra izy, ary niaina tamin-pahafinaretana be,fanaintainana be sy alahelo no omena azy; satria hoy izy anakam-po: Mipetraka toy ny mpanjakavavy aho, ary tsy mpitondratena aho, ary tsy mba hahita alahelo. Ary noho izany dia ho avy amin'ny andro iray ny feriny, fahafatesana,fisaonana ary mosary; Ary ho levon'ny afo tanteraka izy; fa mahery ny Tompo Andriamanitra, Izay mitsara azy. Ary ireo mpanjakan'ny tany, izay nijangajanga sy niaina finaritra niaraka taminy, dia hidradradradra ny aminy sy hitomany azy, rehefa hitan'izy ireo ny setroky ny fandoroana azy. Mijanona eny lavitra eny noho ny fahatahorana ny fanaintainany ka manao hoe: Indrisy! Indrisy! Ilay tanàna lehibe Babylona, ilay tanàna mahery, fa amin'ny ora iray monja dia tonga ny fitsarana anao. Ary ny mpivarotra amin'ny tany dia hitomany sy hisaona azy; fa tsy hisy hividy intsony ny entam-barony: ny entam-barotra volamena sy volafotsy sy vato soa sy perla sy rongony fotsy madinika sy lamba volomparasy, landy, jaky sy hazo mani-pofona, ary ny karazana fanaka ivoara, ny karazana fanaka vita amin'ny hazo sarobidy, ny varahina, vy, vato marbra, sy havozomamy (cannelle), menaka fanosotra, sy ny ditin-kazo manitra, divay sy diloilo,koba tsara toto sy vary tritika, sy ny biby fiompy, ary ny ondry aman'osy, ary soavaly sy kalesy, ary ny andevo, sy ny fanahin'ny olona. Ary ny vokatra soa nirin'ny fanahinao dia niala

taminao, ary ny zavatra rehetra izay mihantahanta sady tsara dia niala taminao, ka tsy ho hitanao intsony mandrakizay ireo."

Izany indrindra ny fiangonana fikambanana amin'ny andro farany, fa milaza ao amin'ny andininy faha-4, "Mialà aminy IANAREO OLOKO". ny fampakarana dia tsy mbola nitranga. Ny ampakarina tsy mbola lasa raha mbola misy ireo toe-javatra mahatsiravina ao amin'io fiangonana sandoka mpanan-karena ireo, misy ny fiangonana sandoka.

Kanefa, misy volamena avy amin'Andriamanitra. 1 Petera 1:7.
"Fa ny fizahan-toetra ny finoanareo, tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba."

Ny volamena avy amin'Andriamanitra dia tahaka ny toetran'i Kristy, toetra vokatra ao amin'ny lafaoron'ny fahoriana mirehitra. Izany no karazana volamena tsara. Inona anefa no karazana volamena ananan'ny fiangonana ankehitriny? Ny volamenan'izao tontolo izao izay ho levona no ananany. Izy dia manan-karena. Afa-po. Nataony harena mihoa-papana ny fepetra takiana ara-panahy. Ny porofon'ny fitahian'Andriamanitra sy ny fahamarinan'ny foto-pampianarana, sns... ankehitriny dia mifototra amin'ny habetsahan'ny olona manankarena tafiditra ao aminy.

"Tokony ho tonga ianao dieny mbola tsy tara loatra," hoy ny Tompo, "ary mividiana Amiko volamena voadio tamin'ny afo dia hanan-karena ianao." Moa ve azontsika izany? Mihainoa ahy, "Nitanjaka (ara-batana) isika tonga tety amin'izao tontolo izao, fa mitanjaka (ara-panahy) isika, dia TSY hiala amin'izany." Oh tsia, hitondra zavatra miaraka amintsika isika. Inona izany zavatra izany, dia izay REHETRA azontsika entina miaraka amintsika, tsy latsaka ary tsy miampy. Noho izany dia tokony hitandrina isika ankehitriny mba hijery fa handray zavatra izay hahatonga antsika ho marina eo anatrehan'Andriamanitra isika. Noho izany, dia, inona no entintsika miaraka amintsika? Ny TOETRANTSIKA, rahalahy, izany no entintsika miaraka amintsika. Ary karazana toetra inona no entinao miaraka aminao? Ho toy ny AZY ve izay ilay toetra narendrika tamin'ny alàlan'ny fijaliana tao amin'ny lafaoron'ny fahoriana mirehitra, sa ve izany ny fahalemen'ny toetra mirefarefa amin'ny tany an'ny olon'ity Laodikia ity? Miankina amintsika tsirairay avy izany, fa amin'izany andro izany ny olona tsirairay dia hitondra ny ziogany avy.

Ankehitriny, dia nilaza aho fa ny tanànan'i Laodikia dia tanàna manankarena. Nanao vola madinika volamena izy miaraka amin'ny soratra eo amin'ny andaniny sy ny ankilany. Ny vola madinika volamena no nampiavaka ny vanim-potoana – ny firoboroboan'ny varotra vokatr'izany. Ankehitriny ny lohan'ireo vola madinika volamena roa ireo dia eto amintsika. Mividy ny tenantsika ao anatiny isika ary mividy ny tenantsika eo ivelany. Ao amin'ny fiangonana isika dia manandrana ny hanantanteraka izany. Mividy ny tenantsika isika amin'ny fahotana sy mividy ny tenantsika ho any an-danitra- - ary izay no lazaintsika. Fa Andriamanitra tsy milaza izany.

Ny fiangonana tena manana harena mahatalanjona, ka amin'ny fotoana rehetra izy dia afaka mandray fahefàna eo amin'ny rafitra ara-barotra eo amin'izao tontolo izao, ary ny mpitarika iray ao amin'ny Filan-kevitry ny Fiangonana Eran-tany dia tena naminany miharihary fa ny fiangonana hita amin'ny ho avy dia tokony,ary afaka, ny hanao izany. Fa ny tilikambon'i Babela volamenan'izy ireo dia hianjera. Ny volamena voadio tamin'ny afo ihany no haharitra. Ary izany foana no efa nataon'ny fiangonana nandritra ny vanim-potoana. Nialàny ny Tenin'Andriamanitra ka nalainy fanekem-pinoany sy ny foto-pinoany manokana; nanao fikambanana izy ary nanatevin-daharana ny tenany ho an'izao tontolo izao.Izany no mahatonga azy ho mitanjaka, ary Andriamanitra mitsara ny fahavetavetany. Ny fomba tokana hialàny avy amin'izany toe-javatra mampatahotra izany dia

amin'ny alàlan'ny fankatoavana ny Tompo amin'ny fiverenana amin'ny Teniny. Apokalypsy 18:4, *"Mialà aminy ianareo oloko."*

2 Korintiana 6:14-18. *"Aza mety ziogana miaraka amin'ny tsy mino; fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fahotana? Ary inona no iombonana'ny mazava sy ny maizina? Ary inona no ifanarahan'i Kristy sy Beliala? Inona no anjara iraisan'ny mino amin'ny tsy mino? Ary inona no ikambanan'ny tempolin'Andriamanitra amin'ny sampy? Fa isika no tempolin'Andriamanitra velona; araka ny voalazan'Andriamanitra hoe: Honina eo aminy sy handeha eo aminy Aho; ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ireo ho Oloko. Koa mivoaha eo an'ivony ianareo, ka misaraha aminy, hoy ny Tompo, Ary aza mikasika izay zavatra tsy madio; dia handray anareo Aho. Ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanako-lahy sy ny zanako-vavy, hoy ny Tompo Tsitoha."*

Misy sarany aloa amin'ireo fitafiana ireo, ary izany dia no vidin'ny fisarahana.

"Ary hosory odi-maso ny masonao mba hahiratanao." Tsy milaza Izy fa tsy maintsy vidinao izany odi-maso izany. Oh, tsia. Tsy misy sarany ao amin'ny fanahy masina. "Noraisinareo ve ny Fanahy tamin'ny asan'ny lalàna sa ny fandrenesana ny finoana?" Galatiana 3:2.

Raha tsy ny Batisan'ny Fanahy Masina tsy afaka hisokatra aminao ny fanambarana Ara-panahy tena marina amin'ny Teny.Ny olona tsy misy fanahy dia jamba eo amin'Andriamanitra sy ny Fahamarinany.

Rehefa mieritreritra ity odi-maso fanokafana ny mason'ny olona ity aho, dia tsy afaka ny tsy hahatsiaro fony aho zazalahy kely tany Kentucky. Izaho sy ny rahalahiko dia nandry tao amin'ny efitra ambanin'ny tafo tamin'ny kidoro voasesika mololo. Ny triatra tamin'ny trano dia namela ny rivotra nitsoka. Indraindray amin'ny ririnina dia mety hangatsiaka be rehefa mifoha maraina izahay amin'izany hatsiaka izany amin'ny masonay ka nahatonga azy nikatona hamamaivay. Miantsoantso ny reninay izahay, ary dia tonga izy miaraka amin'ny menaka biby mahamay (Raton Laveur) ka aosony ny masonay mandra-pialan'ilay zavatra mafy teo, ary avy eo izahay afaka nahita.

Fantatrareo fa nisy ireo rivotra mangatsiaka mahatsiravina nitsoka ny Fiangonana amin'ity taranaka ity, ary matahotra aho sao ny masony nakaton'ny hatsiaka ka jamba izy ny amin'ny zavatra homen'Andriamanitra azy. Mila menaka mafàna izy ireo,dia ny Fanahin' Andriamanitra hanokatra ny masony. Raha tsy mandray ny Fanahin'Andriamanitra izy, dia hanohy amin'ny fanoloana ny fandaharana sy fanekem-pinoana ho hery toy izay ny Tenin'Andriamanitra. Ny isa no jereny amin'ny fahombiazana, fa tsy ny vokatra. Ny mpahay teolojia nandrindrina ny varavaran'ny finoana ary nandrara ny rehetra tsy hiditra. Na izy ireo aza tsy hiditra, na hamela ny hafa hiditra. Ny teolojiany dia tonga avy amin'ny boky fianarana momban'ny psikôlôjia nosoratan'ny sasany tsy mpino. Misy boky momba ny psikolojia, iray ihany no ilaintsika rehetra dia ny Baiboly. Voasoratr'Andriamanitra io ary ahitana ny psikolojian'Andriamanitra. Tsy mila dokotera ianao hanazava izany aminao. Raiso ny fanahy masina, ary aoka Izy hanao ny fanazavàna. Izy no nanoratra ny Boky ary Izy afaka milaza aminao izay ao anatiny sy ny dikany.

1 Korintiana 2:9-16*,*
"Fa araka ny voasoratra, izay tsy mbola hitan'ny maso, na ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, ny zavatra nomanin'Andriamanitra ho an'ireo izay tia Azy. Fa Andriamanitra nanambara izany ho antsika tamin'ny Fanahiny; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, eny, ny zavatra lalina izay an'Andriamanitra. Fa iza no olona mahalala ny ao ampon'ny olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? dia toy izany koa ny zavatr'Andriamanitra dia tsy misy mahalala, afa-tsy ny

Fanahin'Andriamanitra ihany. Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra; mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika maimai-poana. Izany koa no zavatra lazainay, tsy amin'ny teny izay ampianarin'ny fahendren'olona, fa izay ampianarin'ny Fanahy Masina; mampitaha zavatra ara-panahy amin'ny ara-panahy. Fa ny olona araka ny nofo dia tsy mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy ho azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany. Fa izay Ara-panahy mahafantatra ny zavatra rehetra, kanefa izy tsy tsarain' iza na iza. Fa iza no mahafantatra ny sain'ny Tompo mba hampianatra Azy? Fa izahay manana ny sain'i Kristy."

Ary raha ny zavatra rehetra toerin'ny Fanahy amin'ny antso dia marina amin'ity vanim-potoana ity, dia mila olona miakatra an-tsehatra isika toy ny nataon'i Jaona Mpanao Batisa sy ny nanoherany ny fiangonana izay mbola tsy nisy toy izany. Ary izany indrindra no tonga amin'ny vanim-potoana misy antsika. Jaona Mpanao-batisa iray hafa no tonga ary izy dia hiantsoantso tahaka ny nataon'ny mpialoha lalana voalohany. Fantatsika fa hanao izany izy, araka ny voalazan'ny andininy manaraka.

"Ary izay rehetra tiako no anariko sy faiziko; koa dia mazotoa, ka mibebaha." Apokalypsy 3:19.

Io ihany ilay hafatra nananan'i Jaona rehefa nanao antso tamin'ny mpivavaka tany an-efitra izy, dia ny Fariseo, Sadoseo, ary ny jentilisa, "MIBEBAHA!" Noho izany dia tsy nisy lalana hafa; tsy misy lalana hafa ankehitriny. Noho izany,tsy nisy lalàna hafa niverenana tamin'Andriamanitra, ary tsy misy lalana hafa ankehitriny. Izany dia MIBEBAHA. Ovay ny sainao. Mitodiha. MIBEBAHA, fa nahoana no ho faty ianao?

Andeha isika handinika ny andian-teny voalohany, *"izay rehetra Tiako"*. Amin'ny teny Grika ny fanamafisana dia eo amin'ny mpisolo anarana hoe "izaho". Tsy milaza Izy hoe izay rehetra te, dia tokony Nataony hoe: "izay rehetra tia AHY". Tsia tompoko. Tsy tokony hiezaka ny hanao an'i Jesôsy ho ZAVATRA momba ny fitiavan'olombelona isika amin'io andininy io. Tsia! Izany dia ireo MARO izay MALALAN 'Andriamanitra. Izany dia ny FITIAVANY no resahina, fa TSY ny antsika.

Ary averina INDRAY fa hahita ny tenantsika ao amin'ny voninahitry ny Famonjeny isika, ny Fikasany sy ny Drafiny, ary isika dia miorina mafimafy kokoa ao amin'ny fahamarinana momba ny foto-pampianarana mahakasika ny Fiandrianan'Andriamanitra. Araka izay Nolazainy ao amin'ny Romana 9:13. *"Jakoba no tiako."* Nahazo izany izy ankehitriny satria ny HANY TOKANA tiany dia, ravoravo ve izany Izy, miandry ny fitiavan'ireo izay tsy voasarika nanakaiky Azy? Sanatria izany, satria Nanambarany ihany koa ao amin'ny Romana 9:13, *"ESAO NO HALAKO."* Ary eo amin'ny andininy faha 11 ny Fanahy niantso tamim-pahasahiana, " Fa ny ankizy tsy mbola teraka, ary tsy mbola nanao tsara na ratsy, MBA HIJOROAN' NY FIKASAN'ANDRIAMANITRA ARAKA NY FIFIDIANANA, tsy avy amin'ny asa, fa avy amin'Izay miantso." Io fitiavana dia " Fitiavana Nosafidiana ". Io ny Fitiavany ho an'ny Olom-boafidiny. Ary ny Fitiavany azy ireo dia ankoatran' ny FANKASITRAHANA MAHA OLOMBELONA satria voalaza fa ny fikasan'Andriamanitra mijoro eo amin'ny fifidianana izay tena mifanohitra amin'ny asa na izay mety ananan'ny olona ao amin'ny tenany. Satria " TALOHAN' NY NAHATERAHAN' NY ANKIZY" dia EFA nilaza Izy: *"Jakoba no tiako, fa Esao no halako."*

Ary ankehitriny hoy Izy amin'ny Azy, "Na firy na firy Tiako, dia TENENIKO MAFY SY FAIZIKO." Ny miteny mafy dia mananatra. Ny mananatra dia mampiharihary hanitsiana izay diso. Ny faizina dia tsy midika hoe manasazy. Izany dia midika hoe "manitsy, satria ny foto-kevitra fanitsiana dia ao an-tsaina." Izany indrindra no hitantsika ao amin'ny Hebreo 12:5-11,

"Ary hadinonareo ny fananarana izay milaza aminareo toy ny amin'ny zanaka. Anaka, aza atao tsinontsinona ny famaizana ataon'ny Tompo, na reraka ianao rehefa Anariny; fa izay tian'ny Tompo dia Anariny, manafay Izy, ary mikapoka izay zanaka rehetra Raisiny. Raha miaritra famaizana ianao dia ho raisin' Andriamanitra tahaka ny zanaka; fa iza ny zanaka tsy faizin'ny Ray? Fa raha tsy misy famaizana ianao izay iombonan'ny rehetra, dia safiotra, fa tsy zanaka. Ary isika koa dia manana ny ray ara-nofo ho mpanafay antsika, ary nanaja azy ireo isika; tsy mainka va ny hanekentsika ny Rain'ny fanahy, ka ho velona? Fa ireny dia andro vitsy no hamaizany antsika araka izy tiany; fa Izy kosa dia ny hahasoa antsika, mba iombonantsika fahamasinana Aminy. Ary ankehitriny ny tsy fisian'ny famaizana amin'izao ankehitriny izao dia toa mahafaly, saingy mampahory; fa rehefa afaka izany, dia mamokatra ny fiadanan'ny fahamarinana ho an' ireo izay nanaovana izany."

Izao ny fitiavan'Andriamanitra mivoaka ankehitriny. Naniry fianakaviana ho Azy manokana Izy tamin'ny fitiavana, fianakavian'ny zanakalahy—zanakalahy tahaka ny Tenany. Teo anatrehany ny olombelona rehetra dia toy ny vongana tanimanga IRAY. Ary mivoaka avy amin'izany vongana izany no Hanaovany fanaka ho amin'ny voninahitra sy ho fanalam-baraka. Ny FIFIDIANANA dia ny Safidiny manokana. Noho izany ireo olom-boafidiny, nateraky ny Fanahiny dia hampiofanina mba hifanaraka amin'ny Endriny sy ny fandehany. MANANATRA amin'ny fahari-po rehetra Izy sy ny fahalemem-panahy ary ny famindram-po. MANAFAY amin'ny tanana misy olatry ny fantsika Izy. Indraindray ity MPANEFY TANIMANGA ity dia tsy maintsy maka fanaka izay Hiasany ary mandrava azy tanteraka mba Hanorenany azy indray araka izay Hitiavany azy. FA IZANY DIA FITIAVANA IZANY. IZANY NY FITIAVANY. NY FOMBA HAFA AMIN' NY FITIAVANY DIA TSY MISY. TSY AFAKA NY HISY.

Oh, ry ondry vitsy, aza matahotra. Ity vanim-potoana ity dia hikatona malaky. Araka amin'izany ireo tsimparifary ireo dia afatotra miaraka, ary toy ny tady telo-randrana tsy mora tapaka, dia hanana hery telo-sosona ara-politika lehibe izy ireo, ara-batana, ary ara-panahy (Satanika),ary izy ireo dia mikatsaka ny handrava ny vadin'i Kristy. Hijaly izy, fa hiharitra izy. Aza matahotra ireo zavatra ho avy etỳ an-tany, fa Izy "Izay tia ny Azy, dia tia azy ireo hatramin'ny farany." Jaona 13:1.

"Mazotoa sy mibebaha." Ankehitriny io fiangonana diso io dia manana zotom-po; aza adino izany. Ny zotom-pony dia ara-bakiteny tahaka ny an'ireo jiosy, Jaona 2:17,
"Ny zotom-pon'ny tranonao no mihinana Ahy." Fa izany dia zotom-po diso. Izany dia ny ho an'ny trano naorin'izy ireo manokana. Izany dia ho an'ny fanekem-pinoany, foto-pinoany (dogma), fikambanana, sy ny fahamarinan'izy ireo. Napetrak'izy ireo tamin'ny heviny manokana ny Teny. Navelany ny Fanahy Masina ary olombelona no nataony mpitarika. Nataony ankilabao ny Fiainana Mandrakizay toy ny Olona, ary manao izany ho asa tsara, na fomba mifanaraka amin'ny fiangonana fa tsy ny asa tsara.

Fa Andriamanitra miantso zotom-po hafa. Izany dia ny zotom-po mba hitaraina "DISO AHO". Ary ankehitriny iza no hilaza fa diso izy? Inona moa no fototr'ireo anaram-piangonana rehetra ireo?- - Ny filazàna ny tany am-boalohany, sy ny momba an'Andriamanitra,- - ny filazàna fa izy ireo dia marina. Ankehitriny izy REHETRA ireo dia tsy afaka ny ho marina. Izany hoe TSY MISY IRAY amin'izy ireo ho marina. Fasana fotsy izy ireo, feno taolan'olona maty. Izy ireo dia tsy manana fiainana. Izy ireo tsy manana fanamarinana. Andriamanitra tsy nampahafantatra ny Tenany tamin'ny fikambanana na oviana na oviana. Izy ireo milaza fa manana ny marina satria izy ireo ny olona milaza izany, fa ny filazàna izany tsy midika hoe marina izany. Ny ilain'izy ireo dia ny fanamarinana "Izao no lazain'ny Tompo" avy amin'Andriamanitra, ary tsy manana izany izy ireo.

Ankehitriny, mamelà ahy hilaza izao eto. Tsy mino aho fa Andriamanitra dia miantso ny fiangonana diso fotsiny hibebaka. Ao amin'io andininy io Izy dia miresaka momba ny Olom-boafidiny. Misy fibebahana tokony ataon'izy ireo koa. Maro amin'ireo zanany no mbola ao amin'ireo fiangonana sandoka ireo. Izy ireo no voalaza ao amin'ny Efesiana 5:14,
"Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangàna amin'ny maty, ary i Kristy no hanome anao hazavàna." Ny hoe matory dia tsy maty. Ireo dia matory eo amin'ny maty. Izy ireo dia ao amin'ny antokom-pivavahana maty. Mitsingevana miaraka amin' izy ireo izy ireo. Miantso Andriamanitra, "MIFOHAZA! Mibebaha amin'ny adalanareo." Eto izy ireo dia mampindrana ny fahefàny, manome ny fotoana sy ny volan'izy ireo, izany hoe ny fiainan'izy ireo dia ao amin'ireo fikambanana antikristy ireo, ary mieritreritra fa izany dia tsy maninona. Mila mibebaka izy ireo. Tsy maintsy mibebaka izy ireo. Mila manana fiovan-tsaina sy fiverenana amin'ny fahamarinana izy ireo.

Eny, ity no vanim-potoana izay tena mila mibebaka. Fa hanao ve izy? Hamerina ny Teny ve izy? Hamerina indray ny Fanahy Masina hanjaka eo amin'ny fiainan'ny olona indray ve izy? Hanaja indray an'i Jesôsy ve izy ho hany Mpamonjy TOKANA? Tsia hoy aho, fa ny andininy manaraka dia maneho ny fahamarinana mahagaga sy mahatafitohina momba ny fanakatonana ity vanim-potoana ity.

KRISTY IVELAN'NY FIANGONANA.
Apokalypsy 3:20-22: *"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny Feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho, ary hiara-misakafo aminy, ary izy hiaraka Amiko. Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko, sy hipetrahako miaraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianany. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."*

Ankehitriny dia misy fifanjevoana be eo amin'io andininy io, satria maro ireo mpiasa manokana mampiasa azy io amin'ny fitoriana filazantsara, toy ny hoe i Jesôsy eo amin'ny varavaran'ny fon'ny mpanota rehetra ary mandondòna mba hiditra. Voalaza ary avy eo fa raha namoha ny varavarana ilay mpanota, dia hiditra ao ny Tompo. Fa io andininy io dia tsy miresaka momba ny olona iray mpanota. Ity hafatra rehetra ity dia manana fitambarany tahaka ny hafatra rehetra amin'ny vanim-potoana rehetra. Ao amin'ny andininy faha-22 dia voalaza hoe: *"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny FIANGONANA."* Koa noho izany izao no teny nampitondraina ho an'ny fiangonana amin'ny vanim-potoana farany. Io no fe-petran'ny fiangonana Laodikia izay ny fiafaràny dia manakaiky. Tsy hafatra ho AN'OLONA IRAY ity; ity dia ny Fanahy izay milaza amintsika izay misy an'i Jesôsy. NIALAN'I KRISTY NY FIANGONANA.

Moa tsy izany ve ny vokany lojika na ny fiafaràny raha toa ny Teny ka natao ankilabao noho ny fanekem-pinoana, ny Fanahy Masina nosoloin'ny papa, eveka, filoha, mpanolo-tsaina, sns... ary ny Mpamonjy natao an-tsisiny nohon'ny lamin'asa, na ny fandehanana am-piangonana, na karazana rindran-damina amin'ny rafitra fiangonana? Inona koa no azo atao hanoherana azy? Izany no fihemorana! Izany ny fahalavoana! Izany no varavarana misokatra ho an'ny antikristy, fa raha nisy Iray tonga tamin'ny Anaran'ny Rainy (Jesôsy) ary tsy noraisina, fa nolavina, dia hisy iray hafa ho tonga amin'ny ny anarany (mpandainga, mpihambo) ary izy no horaisin'izy ireo, John 5:43. Ilay lehilahin'ota, izay zanaky ny fahaverezana no handray ny fahefana.

Matio 24, milaza famantarana eny amin'ny lanitra momba ity andro farany ity alohan'ny hahatongavan'i Jesôsy. Manontany tena aho raha nahitsikaritra izany famantarana izany tanteraka ianareo vao haingana, toy ny maneho ny tena fahamarinana izay noresahintsika. Izany

fahamarinana izany dia Jesôsy efa natosika niala tamim-pahamatorana ka amin'ny vanim-potoana farany Izy dia voatosika ivelan'ny fiangonana. Tadidio fa tamin'ny vanim-potoana voalohany dia fiangonana marina saika faribolana feno. Kanefa nisy fahadisoana kely atao hoe ny asan'ny ny Nikolaita izay nanakana ny faribolana tsy ho feno. Avy eo tamin'ny vanim-potoana manaraka dia nitombo ny haizina nisoko niditra tao mandra-pahatongan'ilay faribolana hazavàna nihalefy, ary ny haizina nanarona bebe kokoa ny faribolana. Tamin'ny vanim-potoana fahatelo dia takona bebe kokoa izany, ary amin'ny vanim-potoana fahefatra izay Vanim-potoanan'ny Haizina dia lasa ny hazavàna rehetra.

Ankehitriny dia hevero izany. Ny fiangonana dia mamirapiratra ao amin'ny taratry ny hazavan'i Kristy. Izy no MASOANDRO. Ny fiangonana no VOLANA. Araka io faribolan'ny hazavàna io dia ny volana. Efa nihena avy amin'ny volana efa ho feno izy tamin'ny vanim-potoana voalohany, ho amin'ny silaka ao amin'ny vanim-potoana faha-efatra. Fa amin'ny vanim-potoana fahadimy izy dia nanomboka nitombo. Ao amin'ny fahenina dia naka dingana fitomboana lehibe hatrany izy. Amin'ny ampahany amin'ny vanim-potoana fahafito izy dia mbola mitombo ihany, raha tampoka teo dia nijanona kely, ka nihena ho toy tsy misy, ka raha tokony ho hazavàna dia ny haizinan'ny fihemorana, ary any amin'ny faran'ny vanim-potoana dia nitsahatra amin'ny famirapiratany izy, satrian ny haizina efa naka toerana. Kristy izany teo dia IVELAN'NY FIANGONANA.

Ity no famantarana eny amin'ny lanitra. Ny fanakonana ny volana farany (eclipse) dia ny fanakonam-bolana tanteraka. Lasa haizina tanteraka izy tao anatin'ny dingana fito. Ao amin'ny dingana fahafito, ny haizim-pito dia tonga rehefa nandeha tany Palestina ny Papa Romana (Paoly Faha-Enina) hanao fitsidihana masina tany Jerosalema. Izy no papa voalohany nankany Jerosalema. Ilay papa dia nantsoina hoe Paoly Faha-Enina. I Paoly no iraka voalohany ary izany lehilahy izany dia mandeha araka izany anarana izany. Mariho fa io dia fahenina, na ny isan'ny olona. Izany dia mihoatra noho ny kisendrasendra. Ary raha nandeha tany Jerosalema izy, ny volana, na ny fiangonana dia niditra tao amin'ny haizina mangitsokitsoka. Izay no izy. Izany no farany. Ity taranaka ity tsy ho lany mandra-pahatongan'izany rehetra ho tanteraka. Eny Jesosy Tompo, tongava faingana!

Ankehitriny isika dia afaka mahita ny antony hisian'ny voaloboka roa, ny iray marina ary ny iray sandoka. Ankehitriny isika dia afaka mahita ny antony nananan'i Abrahama zanaka roa lahy, ny anankiray araka ny nofo (ny nanenjika an'i Isaka) izay iray avy amin'ny teny fikasàna. Ankehitriny isika dia afaka mahita ny antony avy amin'ny ray aman-dreny mitovy, nivoaka toy ny zaza kambana ny zaza roalahy, ny iray mahafantatra sy tia ny zavatra momba an'Andriamanitra, ary ny iray hafa mahalala bebe izany fahamarinana izany, saingy tsy avy amin'ny Fanahy mitovy, ary noho izany dia nanenjika ilay zaza olom-boafidy. Andriamanitra tsy nanameloka nohon'ny tsy fanekena. Nanameeloka Izy nohon'ny amin'ny olom-boafidy. NY OLOM-BOAFIDY TSY AFAKA hanenjika olom-boafidy. NY OLOM-BOAFIDY TSY AFAKA hampijaly olom-boafidy. Ny olona nolavina no manenjika sy mandringana ny olom-boafidy. Oh, ireo olona nolavina ireo dia mpivavaka. Marani-tsaina izy ireo. Izy ireo dia avy amin'ny taranak'i Kaina, taranaky ny menarana. Naorin'izy ireo ny Babelany, naorin'izy ireo ny tanànany, naorin'izy ireo ny fanjakàny, ary amin'izany dia miantso an'Andriamanitra izy. Izy ireo dia MANKAHALA ny tena voa, ka hanao izay rehetra azony atao, (na dia amin'ny Anaran'ny Tompo aza) mba handrava ireo olom-boafidin'Andriamanitra. Nefa ilaina izy ireo. "Inona ny akofa amin'ny vary?" Raha tsy misy akofa, tsy misy vary. Fa amin'ny farany, inona no mitranga amin'ny akofa? Mai'ny afo tsy mety maty izany. Ary ny vary? Aiza izy? Hangonina ho any an-Tsompiny. Izany no toerana misy Azy.

Oh ry olom-boafidin'Andriamanitra, tandremo. Hianaro tsara. Mitandrema. Hiasao amin-tahotra

sy hovitra ny famonjena anareo. Miantehera amin'Andriamanitra ary mahereza amin'ny Heriny. Ny fahavalonareo, ny devoly,ankehitriny aza dia mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany. Miambena amin'ny fivavahana ary mahatokia. Izao no fotoana farany. Ny voaloboka marina sy ny sandoka dia samy efa tonga amin'ny fahamatorana, fa alohan'ny hahamasahan'ny vary, ireo tsimparifary masaka ireo dia tsy maintsy afatotra ho an'ny afo. Indro, izy rehetra manatevin-daharana ny Filan-kevitry ny Fiangonana Eran-tany. Izany no famehezana. Tsy ela ny fanangonana ny vary dia ho avy. Fa ankehitriny ireo fanahy roa ireo dia miasa amin'ny voaloboka roa. Mivoaha ao amin'ny tsimparifary. Manomboha mandresy mba ho azo heverina ho mendri-piderana ianao ho an'ny Tomponao, ary mendrika hanjaka sy hanapaka miaraka Aminy.

NY SEZA FIANDRIANAN'NY MPANDRESY.
Apokalypsy 3:21, *"Izay maharesy dia avelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny seza Fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko koa, ka hipetrahako miaraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianany."*

Ankehitriny inona no tsy maintsy resentsika? Izany no fanontaniana ara-dalàna apetraka eto. Fa tsy izany ny tena hevitra amin'io andininy io satria tsy IZAY tsy maintsy horesentsika fa NY FOMBA tsy maintsy handresentsika. Ary izany dia mitombina ankehitriny, fa zava-dehibe ve hoe INONA no tsy maintsy ho resentsika raha mbola tsy fantatsika ny FOMBA ahafahantsika mandresy?

Ny fijerena indray mipi-maso ireo Soratra Masina ireo izay mahakasika ny fandresen'ny Tompo Jesôsy dia hamoaka ny marina momba an'izany. Ao amin'ny Matio 4, izay nakan'ny devoly fanahy an'i Jesôsy, Noreseny tamin'ny Teny ny fakàna fanahy amin'ny maha-olona nataon'i Satana araka ny Teny, ary ny Teny ihany. Ao amin'ny tsirairay amin'ireo fitsapàna telo lehibe ireo izay mifanitsy tsara amin'ny fakampanahy tao amin'ny Saha Edena, ny filàn'ny nofo, ny filàn'ny maso, ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia noresen'i Jesôsy tamin'ny Teny. Eva dia lavo tamin'ny fakàna fanahy maha-olona nataon'i Satana satria tsy nampiasa ny Teny. Lavo i Adama tamin'ny tsy fankatoavana mivantana ny Teny. Fa Jesôsy naharesy tamin'ny Teny. Ary ankehitriny, aoka hilaza izao aho fa io no làlana tokana ho an'ny mpandresy, ary io koa no làlana tokana ahafantaranao raha mandresy ianao, satria io Teny io dia TSY AFAKA ny tsy ho tanteraka.

Ankehitriny jereo indray ny fomba nandresesen'i Jesôsy ny rafitry ny fivavahan' izao tontolo izao. Rehefa imbetsaka izy no nohadrohadroin'ny teolojiana tamin'ny Androny, nampihatra ny Teny foana Izy.Tsy niteny afa-tsy izay nomen'ny Ray Azy ho tenenina Izy. Tsy mbola nisy fotoana tsy nahavery hevitra tanteraka an'izao tontolo izao tamin'ny Fahendreny satria izany dia ny fahendren'Andriamanitra.

Ao amin'ny fiainany maha-olona Azy, miady amin'ny Tenany, dia naharesy tamin'ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra Izy. Ao amin'ny Hebreo 5:7 dia voalaza:
"Tamin'ny andron'ny Nofony, raha nanao fivavahana fangatahana sy fitarainana Izy, mafy sy an-dranomaso be tamin'llay mahavonjy Azy amin'ny fahafatesana sy re tao amin'izay Natahorany: Na dia Zanaka aza Izy dia nianatra fankatoavana tamin'ny fahoriana Nijaliany, ary rehefa natao tanteraka Izy, dia tonga loharanon'ny famonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manaraka Azy."
Inona no Nankatoaviny? Ny Tenin'Andriamanitra.

Koa ankehitriny, dia tsy hisy olona hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny Tompo Jesôsy Kristy, raha tsy niaina tamin'izany Teny velona izany izy. Ny vavaka ataonareo, ny fifadian-kaninanareo, ny fibebahanareo - - na inona na inona tianareo atolotra an'Andriamanitra - - tsy misy amin'ireo

hananareo tombontsoa manokana hipetraka eo amin'izany seza fiandrianana izany. Izany dia tsy omena afa-tsy amin'ny TENY Ampakarina ihany. Toy ny seza fiandrianan'ny mpanjaka dia zaraina amin'ny vadin'ny mpanjaka, satria izy no MIKAMBANA AMINY, noho izany, ireo izay ao amin'ny izany Teny izany, eny tahaka Azy ao amin'izany Teny izany no hizara ny seza fiandrianana.

Tsarovy fa nasehontsika mazava tsara tanatin'ny vanim-potoana rehetra hatramin'izay fa na Adama sy Eva aza dia lavo satria niala tamin'ny Teny, toy izany koa ny Vanim-potoana Efesôsy dia lavo tamin'ny fialàna kely tamin'ny Teny, mandra-pahatongan'ny vanim-potoana rehetra mivily, dia manana fanipahana marindrano farany ny Teny isika amin'ny rafitra fiangonanan'izao tontolo izao. Io vanim-potoan'i Laodikia io dia mifarana amin'ny fampanginana tanteraka ny Teny, àry mahatonga ny fialàn'ny Tompo tsy ho eo anivony. MITSANGANA miantso eo ivelany izy miantso ny Azy izay manaraka Azy amin 'ny fankatoavana ny Teny. Taorian'ny fanehoana fohy sy mahery vaika ny Fanahy, io vondrona kely enjehina io dia handeha hiaraka amin'ny Jesôsy.

NY FIAFARAN'NY VANIM-POTOANAN'NY JENTILISA.
Ity Vanim-potoana ity no faran'ny taom-piangonana fito. Izay nanomboka tamin'ny voalohany na ny Vanim-potoana Efesiana dia tsy maintsy ho tonga amin'ny fahamasahana sy ny fijinjana amin'ny farany na ny Vanim-potoana Laodikia. Ireo voaloboka ireo dia hamoaka ny vokatr'izy ireo farany. Ny fanahy roa dia hamarana ny fanehoan'izy ireo araka ny toerana hiafarany. Ny famafàzana, ny fanondrahana, ny fitomboany dia vita tanteraka. Tapitra ny fahavaratra. Ny antsy fijinjana ankehitriny dia alefa hijinja ny vokatra.

Ao amin'ny andininy faha-15 ka hatramin'ny 18 izay vao avy nianarantsika no misy ny sarin'ilay voaloboka masaka sandoka, fanahy sandoka, olon'ny fiangonana sandoka.

"Fantatro ny asanao, fa hianao tsy mangatsiaka na mafàna; Naleoko ianao ho mangatsiaka na ho mafàna. Fa satria matimaty ianao ka tsy mafàna na mangatsiaka, dia aloan'ny Vavako. Satria hoy ianao: Izaho manan-karena, sy efa nihary fananana be, ka tsy mila na inona na inona, ary tsy fantatrao fa ianao ilay ory sy mahantra ary malahelo sy jamba ary mitanjaka; manoro hevitra anao Aho hividy volamena voadio tamin'ny afo Amiko mba hahatonga anao ho manan-karena, ary fitafiana fotsy, mba hitafianao ka ny henatry ny fitanjahanao tsy hiseho ary aosory ny masonao ny odi-maso, mba hahiratanao."

Tsy misy mihitsy teny mangidy fanamelohana navoaka toy izany, ary tsy mendrika izany ny mpivavaka miavonavona sy mpirehareha. Kanefa eo amin'ny andininy faha-21,
"Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianako, eny tahaka ny Nandreseko koa, ka hiarahako mipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny Seza Fiandrianany," hitantsika ny tena voaloboka marina, Fanahy marina, olon'ny Fiangonana marina nasandratra ho eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra amin'ny fankasitrahana ambony indrindra omena ny manetry tena, vondrona Ara-panahy mahatoky.

Ny tenin'i Jaona Mpanao Batisa, izay nametraka mazava tsara ilay Kristy amin'ny fifandraisan'ny fiangonana marina sy diso dia tonga ankehitriny. Matio 3:11-12,

" Izaho manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana; fa Ilay Izay avy ao aoriako dia mahery noho izaho, ary ny Kapany dia tsy miendrika ho entiko; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo; Ny fikororohany dia eny an-Tànany, ary Izy hanadio tsara ny eo Am-pamoloany ka hanangona ny Variny ho ao an-tsompitra, fa Hodorany kosa ny akofa amin'ny afo tsy mety maty."

Kristy Ilay Mpijinja Lehibe, dia mijinja ankehitriny ny vokatry ny tany ankehitriny. Manangona ny vary ho ao an-tsompitra amin'ny fahatongavana ho an'ny Azy sy handraisany azy ireo mandrakizay ho Azy. Avy eo Izy dia miverina mba handringana ny ratsy fanahy amin'ny afo tsy mety maty.

Ny zava-miafina ny amin'ny tsimparifary sy ny vary ao amin'ny Matio 13:24-30 ankehitriny ihany koa dia tanteraka.

"Nanao fanoharana hafa iray koa Izy taminy, nanao hoe: Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay namafy voa tsara teny an-tanimboliny; Fa raha natory ny olona, dia tonga ny fahavalony namafy voan-tsimparifary teny amin'ny vary, dia lasa nandeha. Ary rehefa naniry izany, ary namoa, dia nipoitra koa ny tsimparifary. Dia tamy ny mpanompon-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara ve no nafafinao tamin'ny tanimbarinao? Avy taiza kosa ary no nahazoany tsimparifary? Ary hoy Izy tamin'izy ireo, Fahavalo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hoe: Koa tianao va ny handehananay hanongotra sy hanangona azy? Fa hoy izy: Tsia; fandrao, raha manongotra ny tsimparifary ianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary. Avelao hiara-maniry izy roa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko ny mpijinja hoe: Angoninareo aloha ny tsimparifary, ka ataovy ho amboara mba handorana azy ireo; fa ny vary angony ho any an-Tsompitro."

Ny vary sy ny tsimparifary, izay hatramin'ny vanim-potoana voalohany mandraka ankehitriny dia niara-naniry, ary nojinjaina. NY NAPETRAKY NISEA HO TANTERAHINA DIA EFA NITRANGA. Miaraka amin'ny herin'ny fikambanana rehetra, ny fiangonana sandoka miodina avy amin'ny sisa tavela tamin'ny fahamarinana sy ny hery ara-politika dia mety hanamafy ny tenany amin'ny fanjakana manohana sy mametraka mba hanafoana mandrakizay ny mpino tena marina. Fa rehefa ho hefany izany teti-dratsiny kanosa izany, ny vary dia angonina ho any an-tsompitra. Tsy misy intsony ny vary sy ny tsimparifary hiara-maniry. Tsy hisy intsony ny tsimparifary handray ny fitahiana avy amin'Andriamanitra nohon'ny fisian'ny vary, satria ny vary ho lasa ary NY FAHATEZERAN'ANDRIAMANITRA HIRARAKA AO AMIN'NY TOMBO-KASE FAHENINA, izay hifarana amin'ny FAMONGORANA TANTERAKA NY RATSY FANAHY.

Ary hoy aho vao haingana teo, ny voaloboka sandoka tonga tao amin'ny fahamasahana amin'ity vanim-potoana ity. Ny vokatra entiny dia matotra sy masaka. Marina izany. Ny fiangonana ratsy fanahy, feno faharatsiana, dia haseho toy ny voa-tsinapy izay nitombo lasa hazo izay hipetrahan'ny faharatsiana eny amin'ny rivotra. Eo amin'ny lohany dia ny antikristy, ny zava-miafin'ny heloka. Izany rehetra izany dia marina. Ary raha marina izany, dia marina ihany koa fa ny Fiangonana Ampakarina dia ho matotra, ary ny fahamasahany dia ho famantarana miaraka amin'ny Tompony amin'ny alalan'ny Teny, ary ny Lohany Izay ho tonga eo aminy dia ny Zava-miafin'ny Toe-panahy arakan'Andriamanitra, Izay Kristy tokoa izany. Ary raha ny fiangonana voafitaka rehetra miaraka amin'ny hafetsena sy herin'ny devoly nataon'ny fahefana ara-politika, hery ara-batana sy ny demonian'ny fahamaizinana no ho avy hiady amin'ireto tena voaloboka marina, ny voaloboka marina miaraka amin'ny fahafenoan'ny Fanahy sy ny Teny dia hanao ny tena asa amin-kery izay nataon'i Jesôsy. Ary rehefa manakaiky ny vato Tendrony izy, lasa tahaka Azy amin'ny alàlan'ny Teny, dia ho avy Jesôsy ary ny Ampakarina sy ny Mpampakatra dia ho tafaray mandrakizay mikambana ho iray.

Efa hita maso manodidina antsika ny fanehoana ny zavatra efa nolazaiko anareo. Ny hetsika iraisam-pinoanan'ny tsimparifary dia zava-misy. Ary zava-misy ihany koa ny mpaminany ho an'ny vanim-potoana farany tsy maintsy mamoaka ny hafatra avy amin'Andriamanitra izay hialoha ny fiavian'ny Tompo fanindroany, fa noho ny hafatra entiny no hitodihan'ny fon'ny zanaka hiverina

mankany amin'ireo ray Pentekosta, ary amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny Teny no hiavian'ny famerenana amin'ny laoniny ny hery.

Izany halehiben'ny fotoana iainantsika amin'izao. Izany tsy maintsy hitandremantsika tsara mba hijanontsika ho mahatoky amin'io Teny io, ary tsy manala avy amin'izany na hanampy ao, fa izay miteny izay tsy nolazain'Andriamanitra dia mampandainga Azy. Ny tena ao an-tsaiko dia izao: Teo amin'ny faran'ny taonjato, ny hetaheta hiaraka amin'Andriamanitra teraka tao amin'ny Vanim-potoana Filadefia dia niteraka fiantsoana ny Fanahin'Andriamanitra. Ary rehefa novalian'Andriamanitra ny fitarainana izay nivoahan'ny fanehoana ny fiteny tsy fantatra, fandikana teny sy ny faminaniana, nisy vondrona avy hatrany, tena mifanohitra amin'ny Teny, nitarika ny foto-pampianarana fa ny fiteny tsy fantatra no porofon'ny fanaovana batisa tamin'ny Fanahy Masina. Ny fiteny tsy fantatra dia lavitry ny porofo. Izany dia fanehoana, fa tsy porofo. Ny fahadisoan'ny fampianarana dia tsy hita amin'ny tsy fahampian'ny Soratra Masina ihany mba hanamarinana izany, fa ireo izay niditra tamin'ny foto-pampianarana, avy hatrany dia nanao fikambanana miorina tamin'ilay foto-pampianarana ka naneho marimarina fa izy ireo dia tsy tao amin'ny fahamarinana araka ny hitiavan'izy ireo ny olona mba hino. Oh, tsara jerena izany. tahaka ny fiverenan'ny pentekosta ny fijery azy. Fa voaporofo fa tsy izany. Tsy afaka ny ho izany, satria izy fikambanana. Izany no fahafatesana, fa tsy fiainana. Tahaka ilay tena izy ny fijery azy ka voafitaka ny maro. Ary raha tsy izy ilay tena izy, dia inona ary izy? Izy dia ny hodiny, akofa. Ao amin'ny maitso, ny fonony malefaka jerena tahaka ny zavatra tena izy. Fa raha misy olona afaka miditra an-tsaha, ka mijery izay tena toy ny vary kanefa hodiny ihany, (fa ny voambary tsy mbola niforona) koa izany dia ilay akora malefaka toy ny tena voambary izay mbola ho avy. Ny voambary Pantekosta tany am-boalohany dia tsy maintsy miverina indray amin'ny vanim-potoana farany. Nalevina tao Nisea izany. Nampiakatra ravina izy tao Sardisy. Naniry volony tao Filadelfia, ary izany dia tsy maintsy matotra ao Laodikia. Fa tsy afaka hiverina amin'ny tany am-boalohany izy mandra-piverin'ny Teny amin'ny laoniny. Ny mpaminany tsy mbola tonga teo amin'ny sehatra. Fa ankehitriny, araka ny fotoana izay hijoroantsika ao amin'ny Vanim-potoan'i Laodikia, ny'Mpaminany-mpitondra hafatry' ny Apokalypsy 10:7 dia tsy maintsy efa eo amin'ny tany. Averina indray [Izao no lazain'ny Tompo] tsy maintsy eto, vonona ny aseho amin'ny fanamarinana tsy diso. Izany no Taranaka Marina efa matotra, ary AVY EO DIA NY FIJINJANA.

Taom-pijinjana. Eny, ny fotoana fijinjana. Ireo voaloboka roa izay niara-nitombo ka nifamatotra ny sampany dia tsy maintsy ho sarahina. Ny vokatra avy amin'ireo voaloboka ireo izay tao amin'ny fiovaovam-potoana dia hangonina ho amin'ny sompitra samy hafa.Ireo fanahy roa dia samy handeha any amin'ny toerana hiafarany avy. Izao no fotoana mba handrenesana ny antso farany izay tonga ho an'ny Voambary Ampakarina ihany, mivoaha aminy ianareo oloko mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary inareo (voambary) tsy mandray ny loza hanjo azy (tsiparifary) {Ilay fahoriana lehibe amin'ny tombokase fahenina sy ny Matio 24}.

FAMPITANDREMANAN'NY FANAHY FARANY.
Apokalypsy 3:22,
"Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."

Izany no fampitandremana FARANY. Tsy misy iray hafa intsony. Ny efitry ny seza fiandrianana efa napetraka. Ny fanorenana roa ambin'ny folo efa mipetraka.Ny lalam-bolamena efa voarary. Ny vavahady goavana perla efa mijoro sy mipetaka. Tahaka ny pyramida no hijoroany tsara tarehy sy be voninahitra. Ireo izay any an-danitra nanomana azy mitazana ary gaga sy talanjona, fa mamirapiratra sy manjelatra amin'ny voninahitra tsy an'ny tany izy. Ny lafiny rehetra amin'ny hatsaran-tarehiny dia milaza ny tantaran'ireo fahasoavana mahagaga sy ny fitiavan'i Jesôsy. Izy

dia tanàna nomanina ho an'ny olona voaomana.Ny mponina ao aminy ihany no andrasany, ary tsy ho ela dia hifanety amim-pifaliana amin'ny làlana ao aminy izy ireo. Eny, ity no antso farany. Ny Fanahy dia tsy hiteny intsony amin'ny vanim-potoana iray hafa intsony. Tapitra ny vanim-potoana.

Fa misaotra an'Andriamanitra, amin'izao fotoana izao, fa mbola tsy vita tanteraka ity vanim-potoana ity. Mbola mitaraina Izy. Ary ny Fitarainany dia tsy amin'ny sofina ara-panahin'ny olona ihany amin'ny alàlan'ny Fanahiny, fa averina indray fa misy mpaminany ao amin'ny tany. Averina indray, Andriamanitra hanambara ny fahamarinana tahaka ny nataony tamin'i Paoly. Amin'ny andron'ny iraka fahafito, amin'ny andron' ny Taom-piangonana Laodikia, ny iraka ao aminy dia hanambara ny misterin'Andriamanitra tahaka ny nanambàrana azy tamin'i Paoly. Hilaza ampahibemaso izy, ary ireo izay mandray izany mpaminany izany amin'ny anaran'ny tenany dia handray ny tombontsoa vokatry ny asa fanompoan'izany mpaminany izany. Ary ireo izay mihaino azy dia ho tahina ary ho lasa anisan'izany ampakarina amin'ny andro farany izany izay voalaza ao amin'ny Apokalypsy 22:17,

"Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe tongava."

Ny voambarim-bazaha (ny Ampakarina Voam-bary) izay latsaka tanaty tany tao Nisea no niverina tany amin'ny Teny Voa tany am-boalohany indray. Deraina mandrakizay Andriamanitra.Eny, mihainoa ny mpaminanin'andriamanitra tena izy, izay mipoitra amin'izao vanim-potoana farany izao. Izay lazainy avy amin'Andriamanitra, dia ho lazain'ny ampakarina: Ny Fanahy sy ny mpaminany ary ny ampakarina dia hilaza zavatra mitovy. Ary izay lazain'izy ireo dia efa voalaza ao amin'ny Teny. Efa milaza izany izy ireo izao: *"Mivoaha hiala aminy ianareo, dieny izao, misaraha."* Ny fitarainana efa nandeha. Mandra-pahoviana ny feo no hitaraina? Tsy fantatsika, fa zavatra iray loha no fantatsika, tsy ho ela izany, fa izao no vanim-potoana farany.

Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Ny Fanahy no efa niteny. ny filetehan'ny masoandro dia efa lefy ho any amin'ny mandrakizay ho an'ny taom-piangonana. Avy eo dia ho tapitra izany. Noho izany ho tara loatra raha any vao hanantona. Fa raha ato amin'ity andian-dahatsoratra ity no misy niasan'Andriamanitra taminao amin'ny alalan'ny Fanahiny, enga anie ianao amin'izao fotoana izao ka hitodika Aminy amin'ny fibebahana sy hanome ny fiainanao ho Azy ka amin'ny alalàn'ny Fanahiny dia mety Homeny anao ny fiainana mandrakizay.

www.believersnewsletter.org

Believers Newsletter

Email info.bnl.ministries@gmail.com